

# MENATRA



Misaotra anao, Rahalahy Neville. Ho tahiana ianao!

Manao ahoana, ry sakaiza. Tsara ny tonga eto izao maraina izao. Ary mihevitra aho fa izaho dia nanao ny... Izaho dia mpitsabaka iray eo amin'ny fotoan-dRahalahy Neville. Nipetraka tery aoriana tery izy niaraka tamin'ny, nanangona ny lahateniny; ary niditra aho, nanomboka nakombony ny lahateniny, ka hoy izy, “Eny. . .”

<sup>2</sup> Mampahatsiahy ahy ny taona maro lasa izany. Nisy rahalahy mainty hoditra iray teto taloha, nantsoina hoe Rahalahy Smith, sy Ranabavy Cross. Tena sakaizako tsara izy ireo. Ary rehefa niditra tao amin'ilay tranobe aho ny hariva, ilay lehilahy antitra dia zatra. . . Nanana volombava fotsy izy. Tsy fantatro raha misy aminareo mahatadidy azy, na tsia. Ary teto amin'ny lampihazo izy, fantatrareo. Ary nihira izy rehetra hoe, “Izany No Lalambe Mankany An-Danitra.” Ary Rahalahy Smith, nipetraka tahaka an'izao fotsiny izy, fantatrareo. Ary niditra tery amin'ny varavarana aoriana aho.

<sup>3</sup> Nisy zazavavy kely iray, karazan'ny tena mainty, zatra nipetraka teny an-jorony izy. Nanomboka nitehaka ny tanany izy, nanao hoe, “Asandrato Izy,” ilay hira, fantatrareo. Ireo feon-kirany manokana no nanaovan'izy ireo azy, fantatrareo. Ary tamin'izay fotoana izay tery amin'ilay zorony manaraka, dia nisy olon-kafa iray, nilaza, namerina indray hoe, “Asandrato Izy.” Eny, izany no nohirain'izy ireo rehefa niditra ny varavarana aho. Tiako mihitsy io andian'olona io.

<sup>4</sup> Ary noho izany dia nipetraka tery aoriana tery i Rahalahy Smith, kelikely, fantatrareo, ary karazan-dehilahy mangina iray izy. Hoy izy hoe, “Midira, ry loholona, ampialao sasatra ny satrokao.” Tsy hoe “ampialao sasatra ny tenanao”; “ampialao sasatra ny satrokao,” hitanareo. “Midira, ry loholona, ampialao sasatra ny satrokao.” Nitsangana teo izy, ary, azoko lazaina tamin'ny fomba nanombohany, fa izany no nidirako, hitanareo.

<sup>5</sup> Hoy izy hoe, “Eny,” hoy izy, “rankizy, fantatrareo,” hoy izy, “izaho—izaho dia mipetraka eto manontany fotsiny hoe, “Tompo, inona no Homenao ahy ho lazaina?” Hoy izy, “Izy—Izy—Izy dia nanohy nanetsiketsika ny Lohany, nanetsiketsika ny Lohany tamiko. ‘Tsy hanome anao na inona na inona ho lazaina Aho.’” Hoy izy, hoy izy hoe, “Nahita ny Loholona Branham niditra tao aoriana tao aho, ary nilaza aho, ankehitriny hoe, ‘Tompo, nanomboka nahatsiaro fotsiny aho. . .’” Eny, izany mihitsy no nidirako!

<sup>6</sup> Rahalahy George Wright, manao ahoana ianao, rahalahy? [Hoy Rahalahy Wright hoe, “Oh, tsara. Azo antoka.”—Mpand.]

Ho tahiana ianao, Rahalahy Wright! Izany tokoa. [“Ao aoriana ao Rahalahy Elijah.”] Oh, marina ve izany? Rahalahy Elij’ Perry, hoy izy, dia aoriana ao eto. Aiza ianao, Rahalahy Elij’? Efa ela no tsy nahitako azy. . . Eny, oadray, mamindrà fo! Ankehitriny dia tokony hanana tena fivoriana iray isika eto! Elij’ Perry, George Wright, ary ny sasany tamin’ireo andro fahiny izay teto taloha rehefa tsy maintsy nihazona an’ireo varavarankely teo amin’ny toerany ianareo, tamin’ny tanantsika, fa nitsoka ny rivotra. Tsara ny mahita anareo! Neny, miaraka aminao ve Ranabavy Wright? Ato ve Ranabavy Wright? Izy dia iry aoriana iry, ihany koa. Eny, tompoko. Eny, mahafinaritra toy ny ahoana! Ranabavy Perry, hitako izy rehetra ireo ankehitriny. Eny, tena mahafinaritra izany. Tsara ny tonga eto. Tsara ny mipetraka ato amin’ireto toerana ireto. Tsara ny tonga miaraka.

<sup>7</sup> Efa nikasa aho, tena mafy, ny hiverina; enta-mavesatra tato am-poko. Vao tafaverina avy tany Afrika aho, araka ny fantatrareo rehetra. Ary rehefa tonga tany aho, nahazo fahazoan-dàlana voafetra, ka tsy namela ahy, tsy namela ahy hitory teny satria manangona be loatra hiaraka izany. Miandry fikomiana amin’ny fotoana rehetra izy ireo any, ary—ary izy ireo—izy ireo dia tsy namela ahy hitory teny noho io fanangonana olona be loatra hiaraka io. Ny fomba tokana izay azoko natao, dia ny hanana rafi-pandaminana iray izay atolotry ny governemanta, ao amin’ny governemanta, hanasa ahy any, amin’izay fotoana izay dia izany no hamela avy hatrany ny governemanta handefa milisy iray ho fiarovana. Hitanareo, izy ireo fotsiny no. . . Hisy fikomiana iray mihitsy any, ary izay ihany ny amin’izany. Efa antomotra mihitsy ilay izy, hitanareo. Hoy ilay olon’ny governemanta hoe, “Tamin’ny fotoana farany naha-teto azy, dia nahazo olona niaraka teo amin’ny ampahefatra ny iray tapitrisa teo izy.” Ary hoy izy hoe, “Noho izany, hitanareo, izany mihitsy ilay tena zavatra izay tadiavin’ny kominisma, ho an’ny fikomiana iray.” Noho izany, dia tsy afaka nitory teny aho.

<sup>8</sup> Nitsangana teo ireo olona ireo, nanakopakopaka ny tànany, ary nitaraina hoe, “Tsarovy ny reniko! Tsarovy, maty ny rahalahiko! Ny. . .” Tany, ary tao ambadiky ny fefy iray, fantatrareo, fefy vy, ary nanao anareo hahatsapa ho tena malahelo mihitsy izany. Dia niverina nody aho.

<sup>9</sup> Ary nieritreritra aho hoe, “Eny. . .” Ny zanako lahy, Joseph, iry aoriana iry, dia latsaka kely teo amin’ny famakian-teniny. Ary izy dia nanana. . . Nifindra tsara izy, saingy tsy maintsy nahafehy an’izany; tsy namaky tsara loatra izy. Noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, tsy maintsy hijanona any an-trano vetivety izahay.” Ary hoy aho hoe, “Raha mijanona any an-trano izahay, dia hanimba ny fakan-drivotr’ireo ankizy izany.” Noho izany nahemotray

fotsiny izany, ary nanoratra azy ho amin'ny ampahany hafa amin'ny Aogositra, ka hamela . . . ka hiverina eto mandritry ny roa, telo herinandro.

<sup>10</sup> Hoy aho hoe, “Mino aho, raha hiverina any izahay, dia handray sy hanao fivoriana iray fotsiny aho. Haka an'ilay toera-malalak'io sekoly eto io izahay, ary—ary hanao fivoriana iray manomboka ny valo amby roapolo ka hatramin'ny voalohany, fivoriana iray ao amin'ilay toera-malalaky ny sekoly. Te-hitory eo amin'ny lohahevitra mikasika ny fandrarahana an'ireo Lovia fito farany ireo aho.” Ary noho izany dia niantso mialoha izahay, ary nanana fahadisoam-panantenana kely. Tsy hamela anay hahazo an'ireo sekoly intsony izy ireo, be loatra ny olona hitangorona ao. Tsy afaka hanao azy na aiza na aiza izahay. Ary noho izany nanapa-kevitra aho, hoe raha mbola eto aho, raha tokony . . .

<sup>11</sup> Tsy afaka hametraka ny olona rehetra izahay, raha toa izahay ka hil- . . . Tsy mbola nolazaina mihitsy ilay izy, ankehitriny. Noho izany raha hametraka ny olona rehetra izahay, hiezaka ny hametraka azy ireo ato amin'ny tabernakla ato, dia tsy ho vitanay izany. Hitanareo, ilay izy fotsiny . . . ny dimy andro ato dia hampahatahotra.

<sup>12</sup> Noho izany, rehefa nipetraka teo aho niresaka tamin-dRahalahy Neville sy Rahalahy Wood, ary izy ireo, dia nanapa-kevitra izahay ny hanao an'izany. Raha tsy vitanay, ho solony, izany dia hanao antsika hanana fivoriana dimy; izany dia ho ny fahavalo amby roapolo, fahasivy amby roapolo, fahatelopolo, fahiraika amby telopolo, ary ny voalohany. Eny, tsapako fa raha manana isika, manomboka amin'ny Alahady heriny, dia afaka manana fivoriana roa isika, ny Alahady maraina sy ny Alahady hariva, ny fahavalo ambin'ny folo izany. Ary avy eo amin'ny—amin'ny fahadimy amby roapolo, dia hanana ny Alahady maraina sy ny Alahady hariva. Fivoriana efatra izay. Avy eo amin'ny voalohan'ny Aogositra, dia hanana ny Alahady maraina sy ny Alahady hariva. Hanome antsika fivoriana enina izany, ary amin'izay fotoana izay dia tsy hanao ny olona hiditra hifanizina loatra izany. Ary izany no eritreretiko.

<sup>13</sup> Tsy mihevitra ve ianareo fa izany no ho tsaratsara kokoa noho ny hanao ny olona rehetra hitangorona sy hiaraka hifanosona, sy ny sisa? Noho izany dia izay ihany no an'ireo fivoriana roa ireo, afaka miaritra an'izany isika, saingy ny olona rehetra kosa dia miara-miezaka kely. Satria ireo hariva dimy, mitohy, izany no hanasarotra an'ilay izy.

<sup>14</sup> Ary tiako ny hihaona amin'ireo mpitantan-draharaha sy ireo loholona eto, raha mbola eto aho.

<sup>15</sup> Fanao hatraiza hatraiza izany. Miaina amin'ireo andro farany isika, izay tsy ananan'ny Filazantsara an'ireo—ireo

voaloham-bokatra izay tokony Ananany. Tsy manana an'ireo zò izay tokony Ananany Izy. Voazaitra tanteraka ao anatin'ny politika sy ny sisa Izy, ary tahaka ny firaisana iray fotsiny. Ary izany no hiafarany amin'ny farany, satria tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny firaisana ny mariky ny bibidia, fantatsika. Noho izany isika—isika . . . Satria, fampitsaharana ilay izy, “tsy misy olona afaka hividy na hivarotra, hamonjy azy raha tsy manana ny mariky ny bibidia.”

<sup>16</sup> Ary tiako ny hahita ankehitriny, amin'ny alàlan'ireo loholona. Mahatsapa ho voatarika aho. Tsy mbola nanana hanoanana betsaka an'Andriamanitra mihitsy aho tato am-poko, teo amin'ny fiainako rehetra, noho ny ananako ankehitriny, hitanareo. Satria . . . Ary izaho—izaho dia te-hanana ny tranolaiko manokana sy ny—ny fitaovako, tahaka ny nanomezan'ny Tompo ahy fahitana iray, ary mino aho fa antomotra mihitsy ilay fotoana ankehitriny. Ary tiako ny hahita raha mbola eto aho, hoe ahoana no hahafahantsika mahazo an'ilay tranolay.

<sup>17</sup> Ary—ary rehefa mandeha isika amin'izay fotoana izay, tahaka ny fahatongavantsika eto Jeffersonville, raha tokony hanana iray na roa andro fotsiny, na telo na efatra andro, dia afaka mandeha eto isika ka manangana an'io tranolay io, ary hanana roa na telo herinandro, hitanareo, ary tsy misy olona afaka hiteny na inona na inona mikasika an'izany mihitsy. Afaka isika na haka toerana fanaovam-baolina iray, na, raha hamela antsika hahazo an'izany izy ireo, misy mpiompy eto izay hamela antsika hahazo toeram-piompiana iray. Hanofa an'ilay toeram-piompiana isika ary—ary hanangana an'izany. Ny zavatra tokana tsy maintsy ataontsika any fotsiny, dia ny hanao ny—ny tranontsika fanampiny, sy ny sisa, ary ho an'ireo fahalalahantsika. Ary mety ho mora vita izany. Ary amin'izay fotoana izay dia hanomboka hanao ny fivoriantantsika tahaka an'izany isika satria araka ny fahitana iray avy tamin'ny Tompo izany, ary tsy maintsy ho tahaka an'izany no hanaovana azy.

<sup>18</sup> Ary tonga aho, omaly, ka nahita, fantatrarao, *ity, itsy*. Ary nandeha teny an-dàlambe aho, ka nandeha teo ny namako tsara iray, nanao hoe, “Akory, Billy.” Nojereko izy, ary volo fotsy toy ny oram-panala, kibo be tahaka an'izao. Nefa mitovy taona amiko ilay tovolahy. Niaraka nandehandeha izahay, tovolahy tanora tsara tarehy, fony aho mbola ankizy iray. Nanao ahy hahatsapa ho hafahafa kely izany.

Ny zanako lahikely, Joseph, nanao hoe, “Nahoana ianao no malahelo, ry Dada?”

<sup>19</sup> “Oh,” hoy aho, “tsy haiko ny manazava azy aminao, ry Joseph. Hitanao, tsy haiko, tsy haiko ny hiteny aminao.”

<sup>20</sup> Ary mijery an'i Elij' Perry mipetraka ery aoriana ery aho, sy Rtoa. Perry; toy ny hoe vao omaly izy ireo no mpivady

kely mainty volo, nipetraka teo ampitan'ny varavarako, fony izahay nanana an'ilay sambo tranainy, Wahoo, sy tany amin'ilay renirano ka nanjono ny alina. Ny mahita azy roa ireo fotsy volo, fantatrareo, milaza zavatra anankiray izany, fimonomononana kely iray izay tonga izany hoe, "Tsy hanana fotoana betsaka intsony ianareo." Hitanareo?

<sup>21</sup> Noho izany, tiako ny andro tsirairain'ny fiainako ho kaontina ho Azy. Izay sisa ananako, izay fotoana ananako, dia tiako ho laniana any ho any izany hanaovana zavatra, raha tsy misy afa-tsy ny hitsangana eny amin'ny kihon-dàlambe aza izany, hijoro vavolombelona ho an'ny voninahitra sy hajan'Andriamanitra. Ary izaho—izaho dia eto ho an'izany tanjona izany.

<sup>22</sup> Ary manana toerana miafina kely aho eto any Green's Mill, Indiana. Tsy tanàna iray izany, ankehitriny, izany dia—izany dia an-efitra iray. Ary nisy olona iray nahazo azy, ka tsy hamela anareo hametraka tongotra iray eo amin'izany akory aza izy ireo. Fa manana zohy iray aho any izay tsy ahitany ahy mihitsy rehefa miditra ao aho. Amin'ny andro alina aho no miditra, ka tsy ho fantany mihitsy rehefa miditra aho na mivoaka. Ary tsy fantany hoe aiza no misy an'ilay zohy, ary tsy afaka miditra ao tsy mampaninona na aiza ilay izy. Ary te-handeha any aho ka hiresaka amin'ny Tompo, vetivety, tsapako fa zavatra ilaina iray izany.

<sup>23</sup> Ny vadiko, te-ho tonga izy, te-hiverina ka hitsidika manodidina, ary Rebekah sy Sarah, sy izy ireo, miaraka amin'ireo sakaizany. Fa hiverina eto izahay ankehitriny mandritry ny telo herinandro manaraka, ary raha sitraky ny Tompo.

<sup>24</sup> Ary nieritreritra aho, raha tokony hiezaka hampifanizina ny olona miaraka, mandritr'ireo fivoriana eto amin'ny tabernakla eto ireo... Mazava ho azy, antsika ity, an'ny Tompo, izay nanome azy antsika. Ary misy rivotra mampangatsiatsiaka izy. Tiantsika ny hanana fivoriana Alahady maraina iray, fivoriana Alahady hariva iray. Hamela ny olona hiverina any amin'ny toerany izany, avy eo dia miandry mandra-pahatongan'ny herinandro manaraka.

<sup>25</sup> Tsy mihevitra aho fa afaka handray sy—sy hahatanteraka marina tokoa ny fandrarahana an'ireo Lovia farany ireo, satria izy ireo dia tena, tena Hafatra lehibe no ao anatin'izany. Fa afaka hivavaka ho an'ny marary aho, sy hanao zavatra izay... Izaho dia manana Hafatra, ihany koa, arak'izay hanomezan'ny Tompo ahy azy ireny, ho an'ny fiangonana. Mandritry ny herinandro, handeha hivoaka any an-efitra any ho any aho ary hianatra, hiverina ny Alahady maraina, hanana fivoriana Alahady maraina tahaka an'izao, sy fivoriana Alahady hariva iray. Ny pasitera kelintsika mpiahy indrindra, Rahalahy

Neville, nanontany azy aho raha ho fahafaham-po ho azy izany. Hanaisotra ny fivoriany rehetra aminy izany, saingy mihoatra nohon'ny faly izy ny hamela an'izany ho—ho an'io. Izaho fotsiny . . .

<sup>26</sup> Rahalahy Capps, izy, heveriko, dia tratry ny tazom-pivezivezena, ihany koa, ary hitako fa lasa izy, ary—ary Rahalahy Humes. Ary ny Tompo no naka Rahalahy Mann iray eto handimby mihitsy, sy ilay toerana. Fantatrarao, tsy mahafinaritra ve hoe ahoana no hanaovan'Andriamanitra an'ireo zavatra? Manao ny zavatra rehetra ara-potoana marina mihitsy Izy. Tonga aho ary nandre olona iray nitory teny. Hoy aho hoe, "Izany tsy . . . Mino aho . . ."

<sup>27</sup> Rahalahy Capps, tonga tany Tucson izy, ary heveriko fa namitaka azy haingana mihitsy ilay izy, teo amin'ny folo amby zato degre teo ilay izy. Tsy nila nanao zavatra tamin'izany izy, noho izany dia lasa izy, izy sy Rahalahy Humes, ary nandeha nankany Phoenix. Mazava ho azy, izany dia dimy ambin'ny folo na enina ambin'ny folo, valo ambin'ny folo amby zato ny any. Mbola ratsy foana izany, noho izany heveriko fa niainga nankany Texas izy taorian'izany; izy, miezaka ny hahita toerana iray.

<sup>28</sup> Fa tsy mila an'i Arizona ianareo amin'izao andron'ny taona izao, lazaiko anareo. Efapolo amby zato izany, indray andro, tamin'ny Zoma lasa, dia efapolo amby zato degre, tany Parker. Ary any Rahalahy Craig, avy eto amin'ny fiangonana, no mipetraka. Ary afaka mamaky atody iray ianareo, ka ho voaendy izany alohan'ny hidonany amin'ny tany. [Mihomehy Rahalahy Branham—Mpand.] Ianareo, mandrora ianareo dia—dia lasa ny hamandoana, izany fotsiny . . . Tsy misy hamandoana na inona na inona any, tena fatana iray izany amin'izao andron'ny taona izao. Fa manomboka eo amin'ny Novambra, Desambra ary Janoary, dia mahafinaritra. Fa rehefa tonga eo amin'ny Martsa sy Aprily, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny mitsoaka raha tsy te-ho sempotra ianareo.

<sup>29</sup> Ary noho izany dia sendra tonga teo amin'izany fotoana izany mihitsy Rahalahy Capps sy izy ireo, izay heveriko fa nampanositra azy ireo. Noho izany ny Tompo angamba no nanao an'izany ho an'ny tanjona iray. Iza no inoako, hoe Andriamanitra no mandamina ny dian'ny marina. Indraindray dia toa sarotra ilay izy.

<sup>30</sup> Tahaka an'ilay indray andro teo amin'io dia tany Afrika io, tena nanana antoka mihitsy aho fa nandeha tao amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Satria, tamin'ny taona lasa, dia tany Atsimo aho, nanao fivoriana nitohitohy, ary, izy ireo—izy ireo, nieritreritra aho . . .

<sup>31</sup> Avy tao amin'ilay rafi-pandaminana, hoy izy ireo, "Afaka tonga ianao, amin'ny alàlan'ny Christian Business Men, fa tsy hisy hidiranay amin'izany."

<sup>32</sup> Eny, tsy te-hampiditra an'ireo lehilahy ireo ao anatin'izany mihitsy aho, fantatrareo, hanao fifanoherana. Izaho—izaho te-hanao azy ireo hahatsapa ho tsara eo amin'ny iray hafa. Noho izany dia hoy fotsiny aho hoe, “Eny...” Nanoratra taratasy tamin'izy ireo aho, hoy aho hoe, “Tsarovy, izaho dia efa nanandrana ny handeha any Afrika nandritry ny taona maro, indray, mahatsapa fa tsy mbola nifarana ny asam-panompoako any Afrika. Izaho tsy manana...”

<sup>33</sup> Nahoana aho no tsy maintsy handeha any Afrika, nefa aho manana tanàna enina, fitonjato eto Etazonia eto mihitsy, miantso, hitanareo, eto mihitsy, ankoatran'i Canada, Mexico, na ny sasany amin'ireo toerana ireo? Nahoana aho no tsy maintsy handeha any? Fa misy zavatra ao am-poko, izay manosika ahy ho any Afrika. Any, ireo olona ireo, misy—misy zavatra mikasika azy ireo, izay tiako, ary te-handeha mihitsy ho an'ireo olona mainty hoditra ireo fotsiny aho. Ary misy zavatra ao amin'ny maro amin'izy ireo, ireo mpitarika ireo, tsy tsapan'izy ireo fa tokony hanao an'izany aho. Izaho—izaho dia te-handeha any amin'ireo sakaizako mainty hoditra. Any no niantsoan'ny Tompo ahy. Ary ankehitriny dia manana ilaina izy ireo. Maro amin'ireo olona ireo, ireo olona fotsy, no afaka manana dokotera sy ny sisa. Fa ireo teratany mahantra izay mipetraka any ireo, sady lò tapany. Izaho—izaho—izaho dia mahatsapa fa izy ireo no hany toy ny hoe handray an'izany. Ireo no hany handray. Misy zavatra mikasika an'izany.

<sup>34</sup> Rehefa tonga eo amin'ny toerana iray ianareo, izay haha-tena mahay anareo hoe mahafantatra ny zavatra rehetra ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka manao na inona na inona miaraka aminareo Andriamanitra. Fa raha tonga eo amin'ny toerana iray ianareo izay hanekenareo hihaino sy hianatra, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay dia izany no fotoan'Andriamanitra, ahafahany miditra sy miresaka aminareo.

<sup>35</sup> Ary noho izany dia namerina nanoratra taratasy iray ho azy ireo aho, ary niteny taminy. Ka hoy aho hoe, “Tsarovy, amin'ny Andron'ny Fitsarana, dia aoka ireo tàmàna feno taolana ireo hamoaka afo, hanameloka anareo! Ho eo aminareo ny ràn'izy ireo, fa tsy ho eo amiko, satria efa nanandrana ny hiverina nandritry ny folo taona teo aho.”

<sup>36</sup> Avy eo rehefa avy nandefa an'ilay taratasy aho, dia niverina, nisy Zavatra niteny tamiko hoe, “Jereo i Sidney Jackson, manaova dia fihazana iray.” Ary, tamin'io fotoana io ihany, dia niresaka tamin'i Sidney Jackson ny Tompo, nanao hoe, “Liona mavo-volo, tobin-dRahalahy Branham; Durban, fivoriana goavana.”

<sup>37</sup> Eny, teto izy, ary niresaka taminareo teto. Eo amin'izay ihany, nanao batisa izahay...Tena nanohitra tanteraka an'ity batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ity izy. Ary mbola

ratsy lavitra noho izy ny vadiny, lasa nandeha fotsiny izy. Ianareo dia afaka... Milaza aminareo aho, tsy mbola nahita olona mafana fo mihitsy aho. Manana mpitoriteny eo amin'ny dimampolo amby zato eo izy ireo any, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary mandrehitra an'ilay firenena mihitsy izy ireo. Mamafa an'i Afrika mihitsy ny Hafatra, na aiza na aiza, mpanamory sy lehilahy malaza no tonga, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

<sup>38</sup> Ary noho izany aho, rehefa nanomboka nandeha tany, lazaiko aminareo, tsy nanana olana betsaka mihitsy aho teo amin'ny fiainako rehetra, tamin'ny fiezahana nandeha tany. Ary avy tamin'ny minitra farany mihitsy, ny minitra farany handehanana mihitsy, dia indro voasoratra teo amin'ny fahazoan-dalako hoe, "Tsy mahazo manao karazana fivoriana ara-pivavahana iray; mahazo tonga hihaza fotsiny ihany." Eny, tamin'izay fotoana izay, tena tsy azo toherina ilay izy.

<sup>39</sup> Fa hoy aho hoe, "Tsy ahoako izay ataon'ny devoly, izaho—izaho tsy afaka... Tsy afaka hiantoka an'izay nolazain-dRahalahy Jackson mikasika ny liona mavo-volo aho, sy *ity*, *itsy*, na ny *hafa*. Izaho—izaho tsy afaka hiantoka an'izany. Fa fantatro kosa fa Andriamanitra no niteny tamiko mba 'hijery an'i Sidney Jackson, ary handeha hihaza.'" Dia hoy aho hoe, "Handeha aho." Ary indraindray... Ary nanana ny anankiray tamin'ireo dia lehibe indrindra aho.

<sup>40</sup> Hitako hoe inona ilay olana. Mieritreritra aho ankehitriny, any amin'ny Oktobra, raha sitraky ny Tompo, afaka hiverina aho ary hanana fivoriana iray sy ny sisa, fiaraha-miasa feno, ny zavatra hafa, hitanareo, any Afrika ankehitriny. Tonga teo amin'ny fototr'ilay izy aho ary hitako hoe taiza ilay izy, inona no nahatonga an'izany. Eto, teo am-panoratana, ity anankiray ity dia manana an'*ity* ho lazaina, ary ny zavatra iray dia manana zavatra iray ho lazaina, ary *ity* anankiray eo ity. Ny zavatra tsara indrindra hatao, dia ny mahita, amin'ny tenanareo. Ary fantatro hoe taiza ilay olana, ary inona no anton'ilay izy; izany dia noho ireo olona betsaka miaraka miangona, tsy namela ahy hanao an'izany ny governemanta.

<sup>41</sup> Ankehitriny raha ny Christian Business Men na rafi-pandaminana iray, no hampiditra anay, amin'izay fotoana izay ny governemanta avy hatrany no... satria voasolotena ao amin'ny governemanta ny rafi-pandaminana, dia mandefa milisim-piarovana ny governemanta. Raha nisy olona dimy amby roapolo avy tao amin'ny anaram-piangonana anankiray, dimy amby roapolo avy tamin'ny iray hafa, dia mbola tsy handray an'izany foana izy ireo. Ilay izy dia tsy maintsy ny—ny lohan'io rafi-pandaminana io. Ary rafi-pandaminana tsy sekta izay misolotena ny fiangonana rehetra ny Christian Business Men. Dokotera Simon, ny lohan'izy ireo any, lehilahy iray tena mahafinaritra, tsy maintsy nihaona taminy aho ary niresaka



taminy. Ary manao fivoriana izy ireo, ka ny sisa rehetra amin'ny fiangonana dia tonga miaraka. Hitanareo? Ary mino aho fa izahay no hanana ny anankiray amin'ireo fivoriana lehibe indrindra izay hany nisy any—any Afrika.

<sup>42</sup> Fa izao no hevitra, rehefa fantatrarao fa ianareo—ianareo dia miezaka ny hanao izay marina, ny zavatra voalohany dia, raha mahatsapa ho voatarika hanao zavatra ianareo, amin'izay fotoana izay dia amarino miaraka amin'ny Teny izany ka jereo raha araka ny Teny mihitsy ilay izy, ary amin'izay fotoana izay dia aza mamela na inona na inona hampijanona anareo. Tsy ahoako na firy na firy ny kodiarana atsipin'ny devoly eo amin'ny lalana, mandehana eny an-tampon'izy ireny avy hatrany fotsiny.

<sup>43</sup> Noteneniko tamin'ny vadiko ary noteneniko tamin-dRahalahy Wood, rehefa tonga teto aho, ary ireo sakaiza sasany izay nihaonako omaly hoe: Efa nanana teo amin'ny dimy taona teo aho teto ka zara raha nahafantatra an'izay hatao. Izany dia ny—ny mikorontan-tsaina iray...Hitanareo, ilay fifohazana izy tenany, eo anivon'ireo fiangonana, dia maty. Mahafantatra an'izany ny rehetra. Tsapanareo ato amin'ny tabernakla izany. Tsapanareo na aiza na aiza izany. Misy fihetseham-po mavesatra, maty iray. Misy zavatra iray izay tsy marina fotsiny. Izany dia satria niala teo amin'ny olona ilay hafanam-pon'ny fifohazana. Mandehana any amin'ireo fiangonana, dia hahita azy ireo mipetraka eo ianareo. Ary tafintohina eo amin'ny hafatra iray sy zavatra hafa iray ny pasitera. Ary ny zavatra voalohany fantatrarao, dia avadiny ho karazana fety iray izay hananan'izy ireo izany, na zavatra iray. Ilay izy dia toy ny hoe vesatra maty iray na aiza na aiza.

<sup>44</sup> Manamarika an'izany i Billy Graham; Oral Roberts. Tratry ny olana iray Atoa. Allen, araky ny fantatrarao. Manana an'ireo tranobe dimampolo tapitrisa dolara i Oral Roberts, sy ny sisa, any. Manana sekoly iray izy. Nefa, eny, tsy misy olona eny amin'ny saha ankehitriny.

<sup>45</sup> Niala teto aho, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, mba handeha any Tucson, hahita an'izay tian'ny Tompo hataoko. Tany Izy no nihaona tamiko, araka ny Noteneniny taminareo teto fa hanao an'izany Izy, ary tao amin'ny endrika Anjely fito, ka nilaza fa hiverina ary tsy maintsy voasokatra ireo Tombokase Fito. Izany marina tokoa no nitranga.

<sup>46</sup> Nilaza Izy, indray andro niaraka tamin-dRahalahy Wood rehefa tonga teo izy, nandeha tany amin'ilay toerana iray ihany izahay, ary nanipy vato iray, dia nidina izany, hoy Izy hoe, "Ao anatin'ny andro sy alina iray, ianao dia..." Ny sasany, adinoko mihitsy hoe inona ireo teny. "Ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra."

<sup>47</sup> Ary ny ampitso, dia nidina avy teny an-danitra ny tafio-drivotra iray, ary fantatsika ilay tantaran'izay

niseho. Rehefa niakatra ilay izy, dia nanontany izy ireo hoe inona izany. Hoy aho hoe, “Nanonona teny telo Izany, tao anatin’ny fipoahana lehibe telo.” Ireo fipoahana ihany no ren’ireo lehilahy. Azoko izay Nolazainy. Ary nanao hoe, “‘Handona ny Morontsiraka Andrefana ny fitsarana!’” Roa andro taorian’izay, dia saiky nilentika Alaska. Nikotroka ny nanodidina, horohoron-tany, sy ny sisa. Jereo fotsiny izy ireo, isan’andro, mandona na aiza na aiza ireo horohoron-tany.

<sup>48</sup> Ny fivoriako farany, fivoriana farany izay nananako, izany no ho Hafatro voalohany, marina tokoa, notoriana nanomboka tamin’izany. Nitory teny tany Los Angeles aho, tao amin’ny Biltmore Auditorium, ary niresaka ny amin’ny lehilahy iray mifidy vady iray ho an’ny tenany. Mety manana ny horonam-peon’izany angamba ianareo. “Izany dia,” hoy aho hoe, “Izany dia manome taratra ny toetrany sy ny faniriany.” Fa, rehefa maka vehivavy iray ny lehilahy iray, dia maka tovovavy iray izy, ary mba ho vadiny; raha maka izy, fantatrareo, tovovavy moderina izay Ricketta ratsy iray, izany—izany no maneho fotsiny hoe izy dia... Raha manambady mpanjakavavin’ny hatsaran-tarehy iray izy na mpanjakavavin’ny fitanjahana, na inona na inona ilay izy, dia izany no maneho ny, izay tena ao anatin’ily lehilahy marina tokoa. Fa ny Kristiana anankiray, dia mitady toetra ao amin’ny vehivavy iray, satria mikasa fonenana iray ho avy miaraka amin’io vehivavy io izy. Mikasa izy, maka mpikarakara tokantrano iray. Ary hoy aho hoe, “Noho izany, Kristy, araka Ny Teniny eto, dia miteny amintsika hoe ho inona ny Fonenantsika ho avy. Karazana vehivavy inona no Hofidiany amin’izay fotoana izay, mpivarotena ara-anaram-piangonana ve? Tsia mihitsy! Hifidy vehivavy iray izay mitovy toetra amin’Ny Teniny Izy, ary izany no ho Ampakarina.”

<sup>49</sup> Ary raha mbola tany aho, dia nisy Zavatra nandona ahy, ary tsy nahafantatra na inona na inona aho nandritry ny telopolo minitra teo. Nisy faminiana iray nivoaka. Ny zavatra voalohany tsaroako, Rahalahy Mosley sy i Billy, teny an-dàlambe aho, nandeha. Dia hoy Izany hoe, “Ianao ry Kapernaomy, izay miantso ny tenanao avy amin’ny anaran’ny Anjely,” Los Angeles izany, tanànan’ny anjely, hitanareo, ireo anjely, “izay nisandratra nankany an-danitra, dia haetry hatrany amin’ny helo. Fa, raha mba tany Sodoma no natao ireo asa lehibe, izay natao teo aminao, dia ho naharitra hatramin’ny androany izy.” Ary tsy azo an-tsaina izany rehetra izany, ho ahy. Hitanareo?

<sup>50</sup> Ary ahoana fa rehefa avy nampahery aho, Kristy, nanandratra Azy sy niteny tamin’ny fiangonana. Hoy aho hoe, “Ianareo vehivavy, tsy mampaninona na toy ny ahoana no hanatonako anareo, na hitoriako manohitra an’ireo zavatra ireo; ary ianareo lehilahy, ianareo mpitory teny; mamitaka tsy

ankitsahatra foana ianareo, manao an'ilay izy tahaka an'izany fotsiny. Hitsahinareo Izany toy ny hoe tsinontsinona ny Tenin'Andriamanitra.”

<sup>51</sup> Ary rehefa azoko izany, dia nandeha aho, hoy aho hoe, “Misy Soratra iray mikasika an'izany any ho any.” Ary nandeha aho ka hitako fa Jesosy izany, nananatra an'i Kapernaomy teo amin'ny moron-dranomasina. Nijery ny Soratra aho tamin'io alina io. Tonga tany an-trano aho, naka bokin-tantara; ary Sodoma sy Gomora fahiny dia—dia tanàna mandroso iray, foiben'ny Jentilisa teto amin'izao tontolo izao. Ary fantatrareo, io tanàna io, tamin'ny alàlan'ny horohoron-tany iray, dia nilentika tao amin'ny Ranomasina Maty. Ary nitsangana Jesosy, ka nanao hoe, “Ry Kapernaomy, raha tao Sodoma no natao ireo asa izay natao teo aminao, dia ho naharitra hatramin'ny androany izy. Fa ankehitriny dia tsy maintsy haetry hatrany amin'ny helo ianao!” Ary teo amin'ny roanjato na telonjato taona taorian'ny Faminaniany, niaraka tamin'ireo tanàna amorontsiraka rehetra, ny tsirairay avy amin'izy ireo dia mbola mitsangana afa-tsy Kapernaomy, ary mipetraka ao ambanin'ny ranomasina ao izy. Horohoron-tany iray no nandentika azy tao amin'ny ranomasina.

<sup>52</sup> Ary naminany aho tamin'izay fotoana izay hoe, “Ho ao ambanin'ny ranomasina i Los Angeles.” Ary tonga tany an-trano aho, dia nandeha tany Afrika. Ary raha mbola tany Afrika aho, dia nahazo horohoron-tany iray izy ireo. Ary ireo siantifika...Efa hitanareo izany, tao amin'ny fampielezam-peo, ireo trano sasany goavana, tsara tarehy nianjera, tao Los Angeles, sy ny tranom-bahiny iray, sy ny sisa. Ary ankehitriny dia misy ny . . .

<sup>53</sup> Hatramin'io horohoron-tany io, dia misy triatra roa na telo inch izay ao anatin'ny tany, manomboka any Alaska, mandeha manodidina ny Aleutian Islands, tonga hatrany amin'ny dimampolo amby zato na roanjato mailly any anaty ranomasina, miverina miakatra any San Diego; mandalo ao California, na Los Angeles, ary tonga indray ao ambanin'ilay ampahany avaratr'i California ao mihitsy, toerana kely antsoina hoe San Jose, ao ambany ao mihitsy.

<sup>54</sup> Ary niteny io siantifika io, rehefa tao amin'ny fifampiresahana iray. Nijery an'izany tamin'ny televiziona isika. Ary hoy izy hoe, “Ny ao ambanin'io dia ranom-bolokano mangotraka iray.” Ary izao no nolazainy, hoy izy hoe, “Izany hoe vongana be iray no hiendaka,” ary hoy izy, “ary hiendaka izany.” Ary io fifamp- . . .

<sup>55</sup> Ilay lehilahy, siantifika nifampiresaka tamin'io lehiben'ny siantifika io, dia niteny taminy, hoy izy, “Eny, mety hilentika ve ny rehetra raha izany?”

Hoy izy hoe, “Mety? Tsy maintsy ilay izy!”

56 Hoy izy, “Eny, mazava ho azy, angamba ho taona maro, maro manomboka izao.”

57 Hoy izy hoe, “Mety ao anatin’ny dimy minitra izany manomboka izao, na mety ao anatin’ny dimy taona manomboka izao.” Nanome dimy taona fotsiny izy.

58 Fa azo antoka mihitsy tahaka ny nitsanganako teo ambanin’io Tsindrimandry io, dia napetraka eo amin’io Morontsiraka Andrefana io ny fitsarana, ary avy eo dia nanaraka an’izany hatreto miaraka amin’ny filentehan’i Los Angeles, vita ny aminy! Marina izany. Hitranga izany. Rahoviana? Tsy fantatro.

59 Fa, oh, inona no nitranga? Fantatrarao, kontinenta enina fotsiny no ananantsika ankehitriny. Nanana fito isika, fa ny anankiray dia ilay nilentika teo anelanelan’i Afrika sy Etazonia. Oh, ara-tantara izany, fantatrarao ny mikasika an’izany. Ankehitriny, raha milentika io, amin’izay fotoana izay dia tiako ianareo handinika rehefa. . .

60 Izany dia ny toriteny iray izay notoriako fony, mino aho, mety ho efa diakona teto amin’ny fiangonana i Rahalahy Elij’ Perry tamin’izay fotoana izay, araka ny fahafantarako. Fa hoy izany hoe, “Ho avy ny fotoana. . .” Tsy fantatro ilay izy raha tsy Rtoa. Simpson no nitondra ho ahy an’ilay-ilay toriteny indray andro. Ary manana an’izany voasoratra ao anatin’ny boky kely iray aho, hoe, “Ny tany efitra. . .” hoe, “Ny ranomasimbe dia hamakivaky ny lalany hatrany amin’ny tany efitra.” Telopolo taona lasa izay.

61 Ary, mazava ho azy, ny Salton Sea dia eo amin’ny roanjato dian-tongotra ambanin’ny hahavon’ny ranomasina, ary raha io fangotrahana goavana io, io tany io no voatelina tahaka an’izany, miaraka amin’ny an-jatony maily tora-droa, an-jatony sy an-jatony maily tora-droa no hilentika ao anatin’ny tany, dia hanondraka samontan’onja hatrany Arizona mihitsy izany. Azo antoka, hanondraka izany.

62 Oh, ao amin’ny andro farany isika izao, ora be voninahitra, ny fisehoan’ny Tompo Jesosy! Hoy Izy hoe, “Hisy horohoron-tany amin’ny toerana samy hafa, fotoan’ny fahaverezan-kevitra, fahoriana eo amin’ny firenena, ho raiki-tahotra ny fon’ny olona.” Hoy Izy, “Rehefa manomboka mitranga ireo zavatra ireo, dia asandrato ny lohanareo, fa manakaiky ny fanavotana anareo.” Oh, oadray!

Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,  
Ireo famantarana izay nolazain’ireo  
mpaminany mialoha;  
Voaisa ny andron’ny Jentilisa, feno tahotra;  
Miverena, O ry niely, amin’ny anareo  
manokana. (Mahazò antoka hanao an’izany!)

Akaiky io andron'ny fanavotana io,  
 Ketraka nohon'ny tahotra ny fon'ny olona;  
 Aoka ho fenoina ny Fanahin'Andriamanitra,  
 ataovy madio sy mazava ny fanilonareo,  
 Miandrandra, fa akaiky ny fanavotana  
 anareo! (Marina izany.)

Mandainga ireo mpaminany sandoka, lavin'izy  
 ireo ny Fahamarinan'Andriamanitra,  
 Hoe Jesosy ilay Kristy no Andriamanitsika.

<sup>63</sup> Hitanareo ve ilay sary indray andro, hoe ahoana no Namadihany an'io sary io tamin'ny lafiny ilany teo? Ary ilay tena sarin'ireo Anjely fito nakarina mihitsy, avadiho mankany amin'ny ilany havanana izany, dia misy ny endriky ny Tompo Jesosy eo mijery miondrika amin'ny tany indray.

<sup>64</sup> Tsaroanareo rehefa nitory an'Ireo Taona *Fiton'Ny Fiangonana* aho, tsy azoko hoe nahoana Jesosy no nitsangana teo niaraka tamin'ny “fotsy” iray teo amin'ny Lohany. Lehilahy tanora Izy. Nentiko niverina teo amin'ny Baiboly izany, izao no voalaza hoe, “Nanatona ny Fahagola Izy, Izay nanana volo fotsy toy ny volon'ondry.” Vao telopolo taona sy tapany monja Jesosy, tamin'ny fanohomboana Azy.

<sup>65</sup> Niantso an-dRahalahy Jack Moore aho, teolojiana iray. Hoy izy hoe, “Oh, Rahalahy Branham, izany no Jesosy tao amin'ny Dingany nomena voninahitra.” Hoy izy, “Taorian'ny Fahafatesany, fandevenany, ary ny fitsanganany, dia niverina amin'izany Izy.” Toa tena tsara izany ho an'ny teolojiana iray, saingy tsy nety tsara, tsy nahatratra an'ilay zavatra izany.

<sup>66</sup> Nandeha tany aho ary nanomboka teo amin'ilay taom-piangonana voalohany, teo no nanambaran'ny Fanahy Masina azy. Ankehitriny manana an'izany mihitsy ianareo eo amin'ireo *Taonan'Ny Fiangonana* anareo. Ataoko fa hivoaka tsy ho ela ireo boky ankehitriny, ny antsipiriany feno ny amin'izany. Ary izany no naneho fa Mpitsara Jesosy. Nisy solovolo fotsy izay nanaovan'izy ireo fahiny, nametraka solovolo iray ary nanao an'izany amin'ny maha-mpitsara iray, mbola manao an'izany i Angletera rehefa manana ny fahefana faratampony ianareo. Ary io famadihana amin'ny lafiny iray ao amin'io sary io, io Izy, ny Volony mainty, afaka mahita an'izany eo amin'ny ilan'ny Volombavany ianareo, ary manao an'ilay solovolo fotsy. Izy no faran'ny fahefana, Izy no Fahefana Faratampony. Andriamanitra aza dia niteny, Izy tenany hoe, “Inty no Zanako Malalako, henoy Izy.”

<sup>67</sup> Io Izy miaraka amin'ireo Anjely ireo, ny Hafatra, dia ny famahana an'ireo tombokase fito ireo izay nanambara ny *taranaky ny menarana* ary ireo zavatra rehetra eto ireo. Ary izany no maneho fa izany no tena Fisaronany, izany dia—izany dia Ny Fahefany Faratampony. Faratampony Izy, ary manao solovolo

Izy, na—na misarona. Nilaza ny Baiboly fa nanova ny Tarehiny Izy, na nanova ny Tenany Izy, *en morphe*. Ilay teny dia avy amin'ny teny Grika, *en morphe*, izay midika hoe mpiantsehatra Grika iray izay milalao ampahany maro; zavatra anankiray izy androany, amin'ny hetsika manaraka izy dia zavatra hafa iray. Andriamanitra Izy, ilay Ray, ao amin'ny hetsika anankiray; Andriamanitra, ilay Zanaka, ao amin'ny hetsika hafa iray; ary avy eo Andriamanitra, ilay Fanahy Masina, ao amin'izao hetsika izao. Hitanareo? Io Izy, mbola Faratampony foana Ny Teniny. Miaina ao amin'ireo andro farany isika.

<sup>68</sup> Niverina avy tany Afrika aho indray andro, reraka kely aho. Hitanareo, andro alina mihitsy any ankehitriny, ary tsy maintsy mamadika ianareo. Ary tamin'izay fotoana namadihako izay, dia niverina indray aho. Nanana dia nahafinaritra izahay, dia fihazana, anankiray amin'ireo tsara indrindra izay hany nananako teo amin'ny fiainako. Naka sary maromaro i Billy avy eo, angamba hanana fotoana izy hahafahany mampiseho azy any ho any, ary hampiseho anareo an'ilay dia.

<sup>69</sup> Nahazo nofy iray aho. Manonofy miverina any amin'ilay Public Service Company foana aho, na izany aza. Noho izany aho—aho dia nieritreritra fa karazan'ny niala tamin'ilay asa aho, izaho dia nasaina... Namela ahy hanao ny fombako manokana izy ireo, ary nieritreritra aho fa izaho dia... Raha tokony hivoaka ka hanaraka ny laharana na hanangona an'ireo faktiora, na zavatra izay nasaina hataoko, dia hoy fotsiny aho hoe, "Eny, izaho no lehibeko manokana," nandeha nilomano fotsiny aho. Ary tonga tany aho ka nanala ny... an'ireo akanjoko ireo, ary nanao an'ireo akanjo filomanosako. Irery aho. Ary nieritreritra aho hoe, "Hono ho'aho, tsy marina izao, ilay orinasa... Atoandro izao, manakarama ahy ho an'izao andro izao ilay orinasa." Nieritreritra aho hoe, "Hafahafa izany." Ary avy eo dia nieritreritra aho hoe, "Eny, ny vola izay voaangoko teny an-dàlana..." Sady nanana ny fisafoana sy ny lalana nikambana niaraka aho, dia hoy aho hoe, "Eny, ny vola izay voaangoko, nanao zavatra iray aho, naka aina nanodidina teto; veriko ny tapakilako rehetra, ary nafangaroko niaraka ny volan'izy ireo sy ny volako. Ankehitriny ahoana no hahafantarako hoe iza no nandoa ny faktiora?" Nieritreritra aho hoe, "Satria tsy niraharaha fotsiny aho!" Nieritreritra aho hoe, "Tsy tsara izany. Zavatra tokana ihany no tsy maintsy hataoko, izany dia, ny miverina any amin'ny mpanara-maso amboniko ka hiteny aminy." Don Willis izany, hoy aho hoe, "Don, veriko ireo tapakila. Ankehitriny inty ny vola rehetra izay ananako, ary inty ny volan'izy ireo, miaraka. Avelao eto amin'ny mpitahiry vola izany. Ary ireo olona ireo, rehefa tonga izy ireo, dia hanana rosia hoe voaraiko ny faktiorany."

<sup>70</sup> Mety misy olona angamba mipetraka eto izay izaho—izaho . . . Fantatro hoe misy. Fa izaho no nanangona avy tamin'izy ireo tamin'ny—tamin'izany andro izany, ary izaho dia . . . ary nanome rosia iray aho. Fantatrareo, izany dia folo isan-jato fotsiny raha avelanareo hihoatra ny fandoavana ny faktioranareo. Ary angamba, raha iray dolara sy sasany, dia ho dimy ambin'ny folo cents no mihoatra. Maro ireo olona izay niaina . . . Tianay fotsiny ny niaraka sy niresaka, ary avelan'izy ireo handeha fotsiny ny faktiorany, dia tonga aho miresaka vetivety aminy. Manome dimy ambin'ny folo cents izy ireo, fantatrareo, mba hipetrahana fotsiny sy hiresahana vetivety, ary hanangonana ny faktioran'izy ireo. Noho izany dia lasa filaharana ilay izy, ary lasa faktiora maro fotsiny no tsy voaangoko tamin'izy ireo.

<sup>71</sup> Eny, nieritreritra aho fa izany no fomba tokana nahafahako nanao an'ilay izy. Ary nifoha aho.

<sup>72</sup> Ny toerana izay ipetrahanay, Ranabavy Larson, tsy mihevitra aho fa eto izy, tena tsara taminay izy; ary tsy tiany hiteny an'izany aho. Fa ramatoa tsara iray izy, ary efa nipetraka tao amin'ireo efiny izahay. Manana efitrano roa izy, efitrano kely mitambatra, nofainay izy roa ireo. Ary izaho sy ny vadiko dia matory ao amin'ny—amin'ilay efitrano hafa izay andraisako kely ny olona raha vitako, ary misy fandriana kambana roa ao anatiny ao.

<sup>73</sup> Nifoha aho. Izy tsy mbola nifoha. Ary afaka kelikely, dia nifoha izy. Ary nikopa-tànana azy aho, dia nitodika izy ary nanakimpikimpy ny masonry fotoana fohy. Hoy aho hoe, “Natory tsara ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Tsia.”

<sup>74</sup> Dia hoy aho hoe, “Nanana nofy mampahatahotra indrindra aho. Niverina tany amin'ilay Public Service Company indray aho.” Hoy aho hoe, “Inona no nataoko?”

<sup>75</sup> Tsaroako, raha mbola zazalahy kely aho, na tovolahy iray, fa nandeha tany amin'ireo laharana rehetra tany Salem aho, Indiana, samihafa . . . Niditra aho, nividy ny—ny sakafo maraina, angamba ampemba iray baolina. Tao amin'io masoandro mahamay sy ny sisa io, ary nankarary ahy mihitsy ilay izy, ny nihinana sakafo maraina. Namerina folo cents aho, tao amin'ilay fitehirizam-bola keliko. Tonga ilay mpanara-maso ambony dia nilaza, hoy izy, “Fantatrao ve izay nolazain'izy ireo tao amin'ny—tao amin'ny fivoriana? ‘Iza ilay vendrana izay namerina folo cents, ho an'ny sakafo maraina?’” Hoy izy, “Tokony hamerina dimampolo cents ianao fara-faharatsiny.” Ankehitriny, mahafantatra ianareo rehetra, fa ny dimampolo cents dia sakafo maraina goavana tamin'izany andro izany.

Dia hoy aho hoe, “Eny, tsy mihinana an'izany habetsahana izany aho.”

Hoy izy hoe, “Eny, namerina dimampolo cents ny sisa tamin’izy ireo. Tokony hamerina dimampolo cents ianao.”

Hoy aho hoe, “Eny, tsy izany no ampiasaiko.”

Hoy izy, “Avereno izany, na ahoana na ahoana.” Ilay mpanara-maso amboniko izany.

<sup>76</sup> Eny, nieritreritra aho hoe, “Eny, inona no azoko atao? Tsy maintsy mandoa dimampolo cents aho, nefa nihinana folo cents.” Noho izany dia nandeha teny an-dàlambe aho ary nitady ankizy kely maromaro izay tsy nihinana sakafo maraina, ary nanolotra sakafo maraina miteti-bidy efapolo cents.

Noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, inona no azoko . . . Angamba izany no Hanohery ahy.”

<sup>77</sup> Ary tsaroako, teto vao tsy ela akory izay, nandalo teo amin’ny fisafoana izy ireo, namotipotika ny tao ambadiky ny tokontany tao, ka nanao hoe, “Avereno ny faktioranareo.” Fantatrareo fa manana zò fisafoana izy ireo, saingy tsy maintsy mandoa onitra.

<sup>78</sup> Nanoratra fotsiny aho ka nanao hoe, “Tsy mandoa na inona na inona ianareo.” Nieritreritra aho hoe, “Izany dia naloan’ireo efapolo cents ireo. Angamba nandany roapolo na telopolo dolara aho nandritr’io fotoana io, nanome an’izany ho an’ireo ankizy. Hahavita an’ily izy angamba izany.” Nitohy nanonofy.

<sup>79</sup> Avy eo dia nanana hazo goavana telo aho tany, nilalao teo ambanin’izany ireo ankizy, ary ilay fisafoana . . . Ankehitriny dia misafo ao amin’ny helikoptera iray izy ireo. Ary noho izany dia tonga izy ka nanao hoe, “Billy, ahoana raha kapaina io hazo io?”

<sup>80</sup> Hoy aho hoe, “Tsia, aza kapaina izy. Hanadio azy izahay.” Hoy aho hoe, “Izaho sy Rahalahy Wood no hanadio azy.”

Hoy izy, “Eny, haka an’ily lehilahy aho ho avy sy hanadio azy.”

Hoy aho hoe, “Ankehitriny, aza kapaina izy.”

Hoy izy hoe, “Tsy hanapaka azy aho.”

<sup>81</sup> Nandeha tany amin’ny dia iray aho. Rehefa niverina aho, dia tapaka hatrany amin’ny tany izy. Noho izany nampiditra fitoriana iray aho, hitanareo. Hoy aho hoe, “Eny, Tompo, izao no hanazava an’ily izy tanteraka, fantatro.” Noho izany dia navelako ilay izy, nety tsara izany, namela azy handeha fotsiny. Eny, mbola nanonofy an’ily izy foana aho.

<sup>82</sup> Rehefa niarina aho indray maraina, dia hoy aho hoe, “Eny . . .” Ny zavatra voalohany ataonay amin’ny maraina rehefa miarina izahay, dia ny miaraka mivavaka, avy eo dia mivavaka rehefa handeha eny am-pandriana ny alina. Ary tamin’izay fotoana izay rehefa avy nandeha nanao ny sakafo marainan’ireo ankizy izy, dia nanomboka nivavaka aho. Hoy aho hoe, “Tompo, tsy maintsy ho efa zalahy mahatsiravina iray aho. Inona no nataoko teo amin’ny fiainana, fa izaho—izaho dia tsy afaka miala amin’io Public Service Company io.”



<sup>83</sup> Niditra aho ary nandro, dia niverina nivoaka. Ary toa ohatry ny nisy zavatra fotsiny niteny tamiko hoe, “Angamba hiala amin’*Ny* asany aho.” Nieritreritra aho hoe, “Indro dimy taona teo izao no tsy nanaovako na inona na inona, fa niandry Azy fotsiny.”

<sup>84</sup> Nitsangana teo aho indray andro. Nanorina trano vaovao iray ho anay izy ireo tany, ary tonga Rahalahy Mosley, niresaka mikasika an’izany. Hoy aho hoe, “Fanomezana kely avy tamin’ny Raiko mihitsy izany.” Ary nanomboka nitomany izy. Hoy aho hoe, “Hitanao, hoy Izy hoe, ‘Raha hilaozanareo ny tokantranonareo, ny tranonareo, ny taninareo, ny rainareo, ny reninareo, dia Izaho no hanome anareo trano, tany, ray, reny, ary avo zato heny eo amin’ity fiainana ity, ary Fiainana Mandrakizay amin’ny ho avy.’” Hoy aho hoe, “Hitanao, tsy maintsy nandao an’ilay tabernakla izay tena tiako fatratra aho. Ny tranoko izay nomen’ny Tompo ahy tany, tsy maintsy nilaozako izany. Namerina an’ity anankiray ity ho ahy fotsiny Izy.” Hoy aho hoe, “Mahafinaritra Izy, hitanao.” [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary nanomboka nitomany izy.

<sup>85</sup> Eny, izaho—izaho nanao hoe, “Tsy maintsy tonga teto aho ary nampisaraka ny tenako, tonga teto amin’ity tany efitra ity.” Ary nieritreritra aho hoe, “Manontany aho hoe nahoana Andriamanitra no nitondra ahy eo amin’ny tany efitra iray, eto izay tsy misy afa-tsy maingoka sy Gila tsy mifaditrovana?”

<sup>86</sup> Tsy hoe tany efitra fotsiny, mafana ilay izy, fa tany efitra ara-panahy iray izany. Oh, oadray! Tsy misy fiainana ara-panahy mihitsy, ao amin’ireo fiangonana, izy ireo dia manohitra... Nahoana, tsy mbola nahita tahaka an’izany mihitsy ianareo teo amin’ny fiainanareo! Tsy manana fiangonana iray handehanana akory aza izahay, na inona na inona. Ary avy eo rehefa... Saiky levona ny olona, ara-panahy. Voamariko izany tao amin’ny olona izay tonga eo, hitako ireo fahasamihafana eo amin’izy ireo, mandinika an’izany.

<sup>87</sup> Ary noho izany raha mipetraka eo ambanin’ny Fanahin’Andriamanitra ianareo, ka ny fiainanareo lasa mora fanahy, malemy fanahy, tahaka ny rano izay mitondra an’io bozaka sy tsimoka malemy io. Raha...io bozaka io, any Arizona, dia tsy haniry, ho raketa ireto hazo ireto, hivalona fotsiny ireo ravina ireo ary hanao fanindronana. Tahaka an’izany ilay izy rehefa lasa maina ianareo ao amin’ny fiangonana, ny olona rehetra dia mifanindrona, fantatrareo. Ary, hitanareo, tsy maintsy manana ranonorana malemy ianareo hampalemy anareo, sy hanamboatra ravina ary alokaloka ho an’ny mpivahiny izay mandalo.

<sup>88</sup> Ary noho izany dia nisy Zavatra niteny tamiko hoe, “Angamba hiala amin’ny asan’Andriamanitra ianao.” Noho izany, dia nivavaka aho ho an’ny fahitana iray.

<sup>89</sup> Ary vao avy nanome ahy Baiboly vaovao iray i Meda; ary Rahalahy—Rahalahy Brown, avy any Ohio any, dia nanome ahy Baiboly vaovao iray; izy roa ireo tamin'ny fotoana iray ihany, tamin'ny Krismasy. Nandeha aho ary naka ny anankiray tamin'ireo Baiboly vaovao ireo. Hoy aho hoe, “Tompo, tamin'ny andro lasa, dia nanana Orima sy Tomima iray Ianao.”

<sup>90</sup> Ankehitriny henoy, mamelà ahy hilaza an'izao. Mazava ho azy, izy ireo dia tsy...ity, tsy raisim-peo ity fivoriana ity, izany no antony angatahiko...hilaza an'izao. Mamelà ahy hilaza, aza manao an'izao. Zavatra tsy tsara izany.

<sup>91</sup> Fa hoy aho hoe, “Tompo, fahiny, rehefa nanonofy nofy iray ny mpanonofy iray, dia nentin'izy ireo teo amin'ny Orima sy Tomima izy, ary niteny an'ilay izy. Ary raha ny—raha namaly tamin'ny hazavana nanjelatra ilay Orima sy Tomima, Hazavana iray ivelan'ny voajanahary, dia marina ilay nofy.” Hoy aho hoe, “Fa efa lasa ny asam-pisoronana sy ny Orima sy Tomima. Ny Baibolinao no Orima sy Tomima ankehitriny; Tompo, enga anie aho tsy hanao an'izany intsony indray. Fa nangataka Taminao aho ary nivavaka Taminao, mba hanome ahy fahitana iray, hiteny amiko mikasika ny hoe nahoana aho no nanonofy an'ireo nofy ireo. Ary inona no nataoko? Raha nanao ratsy aho, raha nanao zavatra tamin'ny olona iray teto amin'izao tontolo izao aho, dia ampahafantaro ahy. Izaho dia—izaho dia—izaho dia handeha hanitsy an'izany. Raha ananan'ny Public Service Company aho, raha nanao zavatra ratsy tamin'izy ireo na tamin'ny olona iray, raha nanao zavatra ratsy Taminao aho, dia ampahafantaro ahy. Izaho—izaho te-hanitsy an'izany.”

<sup>92</sup> Ndao isika hanitsy an'izany, ankehitriny. Aza miandry afaka kelikely, mety ho tara loatra izany. Ndao hataontsika izany ankehitriny.

<sup>93</sup> Dia hoy aho hoe, “Azo antoka, misy zavatra iray ao amin'ity Tenin'Andriamanitra ity, manomboka amin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apokalypsy, io toetra iray ao anatin'ny ao io izay Niarahanao niasa, dia ho eo amin'ny fototra iray ihany izay misy ny fanontaniako. Raha nanao zavatra iray ny olona iray, ary—ary nanenjika azy mikasika an'izany Ianao, amin'izay fotoana izay dia mamelà ahy hamadika eo amin'izany toerana izany ao amin'ny Baiboly. Ary raha ny olona iray, na inona na inona nataon'izy ireo, dia mitovy amin'ny nataoko izany. Teo amin'izay nanaovako ratsy, na zavatra iray izay Tianao hataoko, na tsy nataoko, dia mamelà ahy ahita toetra iray tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly.”

<sup>94</sup> Ary nakimpiko ny masoko, namela fotsiny ny Baiboly hisokatra, nametraka ny rantsan-tànako teo amin'ny Soratra iray, Genesisy 24:7. Eliezera, mpanompo mahatoky an'i Abrahama, ilay mpanompo modely ao amin'ny Baiboly, izay

nirahina hitady ny ampakarina ho an'i Isaka. Nanerana ahy ny fipararetana. Azo antoka, izany no . . . izany dia tena araka ny sisa amin'ny Hafatro mihitsy, mamoaka ny Ampakarina.

<sup>95</sup> Hoy izy hoe, “Mianiàna fa tsy haka ampakarina iray avy amin'ireto ianao, fa handeha ho any amin'ny oloko manokana.”

Hoy izy hoe, “Ahoana moa raha tsy handeha hiaraka amiko ilay vehivavy?”

<sup>96</sup> Hoy izy, “Amin'izay fotoana izay dia afaka amin'ny fianiananao ianao.” Hoy izy hoe, “Fa ny Andriamanitry ny Lanitra no haniraka Ny Anjeliny eo alohanao, hitarika anao.” Nandeha avy hatrany izy ary nanomboka nivavaka, ka nihaona tamin'ilay Rebeka tsara tarehy izay lasa ampakarin'i Isaka.

<sup>97</sup> Hafatra tanteraka iray mihitsy, namerina teo amin'ny Teny hoe, “Mandehana tadiavo io Ampakarina io!” Andraikitra iray izany. Izany no maha-eto ahy. Izany no ezahako hatao, dia ny miantso Ampakarina iray hivoaka.

<sup>98</sup> Tsarovy tany California tany, ilay fifampiresahan'ny Ampakarina, fahitana mialoha, izay nananako teto. Ahoana fa tonga aloha io Ampakarina io, ary hitako Izy nandalo. Avy eo dia indro tonga ny Miss America, Miss Asia, sy ny rehetra, oh, ilay zavatra ratsy jerena indrindra! Ary avy eo dia nandalo indray ilay Ampakarina iray ihany. Nivoaka tamin'ilay famindrana ny anankiray tamin'izy ireo, ary namerina Azy tao amin'ilay famindrana aho; ny roa tamin'izy ireo, izay ilay izy. Ary izany no nasaina hataoko, mihazona an'io Ampakarina io ao amin'ny famindrana, mitady an'io olona io.

<sup>99</sup> Hoy aho hoe, “Andriamanitra, hiverina any an-trano aho, hanavao ny voadiko indray, ary hanomboka anankiray vaovao.” Koa izany no kasaintsika hatao, izany no maha-eto ahy.

<sup>100</sup> Heveriko fa ho zavatra tsara iray izany raha izao no hataontsika, hanomboka amin'ny fahavalo amin'ny folo, amin'ny herinandro manaraka, ny Alahady maraina manaraka, ny Alahady hariva manaraka; ny Alahady izay manaraka, ary ny Alahady izay manaraka. Firy no mihevitra fa ho zavatra tsara iray izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Misaotra anareo.

<sup>101</sup> Tiako ianareo hanao zavatra iray ho ahy ankehitriny. Raha nampilaza olona iray ianareo fa hisy—hisy fivoriana iray amin'ny fahavalo amby roapolo, dia hampilaza aminy indray ianareo, fa tsy afaka hanao an'izany isika. Lazao, anoraty taratasy izy ireo, na zavatra hafa. Tsy tiantsika ny olona ho tonga nefa ho diso fanantenana, saingy tsy afaka nahazo an'ilay toera-malalaka isika.

<sup>102</sup> Hitanareo, tsy afaka nahazo azy izahay. Ary noho izany satria tamin'ilay fivoriana farany dia heveriko fa nanana maro be isika tany, sy ny sisa, izy ireo fotsiny. . . Fantatrareo hoe

ahoana ilay besinimaro, ary izy ireo. . . Eny, miaina amin'ny andro farany mihitsy isika, izay ihany. Ary milaza izy ireo fa tonga ny olona ka manakorontana an'ilay sekoly, sady tonga aloha be loatra izy ireo, ary izy ireo dia nanao an'*ity*, na *itsy*, na zavatra iray hafa, ary hipoka loatra ilay toerana, ka ny lehiben'ny mpamono afo manao an'*ity* sy *itsy*. Ary, eny, fantatrareo.

<sup>103</sup> Noho izany dia handamina an'ireo Lovia sy ireo Trompetra isika, te-hametraka azy ireo aho. Efa niteny taminareo aho fa hanao. Tonga eo ambanin'ny zavatra hafa iray izy ireo. Toy izany koa no ahatangavan'ireo Lovia, ny fitsofana an'ireo trompetra; saingy tiantsika ny haka an'ilay fandehany manontolo hahitsy avy hatrany, ary hitondra an'izany, hamatotra an'izany miaraka.

<sup>104</sup> Firy no efa namaky ny iray an-dRahalahy Vayle, teo amin'ny fanoratana an'izany indray, sy nanamboatra azy ary nanitsy ny grameran'izany ho ahy? Efa namaky ny anankiray tamin'izany ve ianareo? Namaky ianareo, ny roa na telo aminareo. Heveriko fa tena nanao asa iray ianao, Rahalahy Vayle, tena asa iray! Ianao, heveriko fa Ranabavy Vayle no nanao an'ilay izy; fa ianao nanoratra fotsiny. Izy—izy dia ny. . . Hitanareo, tsy manohitra foana an'ireo vehivavy aho, sa tsy izany, Ranabavy Vayle?

<sup>105</sup> Noho izany ndao isika, mandritry ny dimy ambin'ny folo manaraka, roapolo minitra, hamaky Soratra iray eto.

<sup>106</sup> Ary manana boky kely iray aho eto. Niteny aho, mino aho, fa Rahalahy Vayle ilay izy, na, iza ilay izy, na mino aho fa Roy Borders ilay izy. Nividy boky iray ho ahy Rahalahy Vayle. Te-hanao boky kely fandraisana naoty aho.

<sup>107</sup> Fa raha misy olona mba nijery an'izay antsoiko hoe naoty! Ohatra hoe te-hitory mikasika ny Kintan'ny Maraina aho, dia manao sary kintana iray. Ary raha te-hitory mikasika zavatra iray aho. . . Ataoko mari-pamantarana eto izy rehetra, kisoratoratra, tsy misy olona hahafantatra mihitsy hoe inona ilay izy. Rehefa mivoaka aho, ka mieritreritra zavatra, dia apetrako eo, eo am-pandehanana eny an-dàlana, indraindray mitsambikina ambony-sy-ambany ilay fiara, dia handray naoty an'*ity* aho, ary milaza an'*ity* sy *itsy*, ary manao famantarana kely, sy lakroa ary tetezana, sy—sy ireo karazan-javatra rehetra. Ohatra hoe te-hitory eo amin'ny fidinan'ilay Kintana aho; dia hametraka an'ilay pyramida, hanao sary an'izany eto ary hametraka an'ilay kintana misy tendro dimy an'i Davida midina eo amin'izany. Ary fantatro izay handehanako ao amin'ireo Soratra tahaka an'izany; ary Mosesy, ny zavatra anankiray izay nataony. Manao raki-pohy kely fotsiny, ohatra.

<sup>108</sup> Manana maro amin'izy ireo aho eto. Ary nieritreritra aho, aninkeo maraina, tany rehefa nieritreritra aho fa hiresaka eo amin'ity lohahevitra ity mandritry ny minitra vitsy eto, eo amin'ny naoty iray, angamba hila roapolo minitra izany ho ahy.

109 Ary avy eo dia tsy haka ny fotoan-dRahalahy Neville aho rahariva. Izaho—izaho—izaho dia hiala sasatra rahariva, hihaino azy.

110 Ary avy eo, raha sitraky ny Tompo, dia hanomboka an'ilay fotoana isika amin'ny Alahady heriny maraina. Ary hanampy ahy ianareo rehetra, ka hivavaka isika, satria tao am-poko ny hiezaka... Hoy izy ireo hoe, "Eny, afaka mandeha any Louisville isika na afaka mandeha any New Albany." Fa natao ho an'i Jeffersonville ny fivoriana. Handeha ho any Louisville sy New Albany aho, amin'ny fotoana samihafa, fa ity dia natao ho eto Jeffersonville.

111 Ankehitriny ndao isika hanondrika ny lohantsika iray minitra fotsiny raha isika mbola... Efa niresaka taminareo nandritry ny telopolo minitra teo aho. Ndao isika hiresaka Aminy vetivety.

112 Tompo Jesosy, izahay dia—izahay dia vahoaka iray voatahy tokoa, any ankoatry ny fahazoanay, any ankoatry ny fahalalanay. Satria, raha nisy manan-kaja iray teo anivonay, ohatra hoe mpiasa iray avy any amin'ny firenena hafa, na karazana diplomaty iray, dia hihevitra izahay fa malaza ny hanana olona iray manan-kaja tahaka an'izany eo anivonay. Fa manana an'ilay Andriamanitry ny Lanitra izahay androany, tsy eo anivonay fotsiny ihany, fa ao anatinay, monina, miaina Ny Fiainany amin'ny alàlanay. Ary tena mankasitraka izahay ny amin'izany, Tompo! Any ankoatry ny fahazoanay izany, mazava ho azy.

113 Fa ankehitriny rehefa avy niresaka ny amin'ireo fotoana, sy ny fandehanana any Afrika, ary ireo zavatra izay noezahanay halamina ho an'ireo andro vitsy eto Indiana. Ary na ahoana na ahoana na hafa iray, Tompo, dia mety Ianao no mitarika anay ho eo amin'ilay tranolay, mba hanao an'ilay fahitana ho tanteraka. Noho izany hatao anie ny Sitraponao, izany no nametrahanay azy, ny tsara indrindra amin'ny fahazoanay. Noho izany mivavaka izahay, Tompo, raha misy zavatra mifanohitra amin'ny Sitraponao, dia Ianao no hampahafantatra an'izany aminay, mba hahaizanay hanao ny Sitraponao tanteraka.

114 Ankehitriny dia tahio izahay ao anatin'ireto minitra vitsy ireto. Mitenena aminay amin'ny alàlan'Ny Teninao, Tompo, fa Ny Teninao no Fahamarinana. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Ndao isika hamadika ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Marka, ny toko faha-8.

115 Amin'ny firy ianareo no mamela mivoaka mazàna, amin'ny roa ambin'ny folo? [Hoy ny olona iray hoe, "Eo amin'ny roa ambin'ny folo eo."—Mpand.] Eny àry. Ankehitriny, ankehitriny

dia Hafatra kely iray fohy fotsiny eto izay azoko resahana aminareo mikasika ny Teny, rehefa avy nijoro vavolombelona mikasika ny tany, sy ny sisa.

<sup>116</sup> Marka, ny toko faha-8, ary ndao isika hanomboka eo amin'ny andininy faha-34, hatramin'ny faha-38, mandray ny faha-38, ny sisa amin'io toko io. Tiako ny mamaky an'izay Nolazainy, satria fantatro fa marina izany. Ankehitriny isika . . .

*Ary rehefa nantsoiny hankeo aminy ny vahoaka niaraka tamin'ireo mpianany ihany koa, dia hoy izy tamin'izy ireo, Na iza na iza manaraka ahy, dia aoka izy handà ny tenany, sy hitondra ny hazo fijaliany, ka hanaraka ahy.*

*Fa na iza na iza hamonjy ny ainy dia hahavery azy; . . . na iza na iza hahavery ny ainy noho ny amiko sy ny an'ny filazantsara, dia izany no hamonjy azy.*

*Fa inona no tombony ho an'ny olona, raha mahazo an'izao tontolo rehetra izao izy, nefa veriny ny fanahiny manokana?*

*Na inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy?*

*Na iza na iza arak'izany no ho menatra ahy sy ny teniko ao amin'ity taranaka mpijangajanga sy mpanota ity; dia ho menatra azy koa ny Zanak'olona, rehefa tonga ao amin'ny voninahitry ny Rainy izy miaraka amin'ireo anjely masina.*

<sup>117</sup> Tiako ny haka lohateny kely iray avy eo, raha izany no hiantsoana azy, antsoina hoe: *Menatra*. Fantatrareo, tiako izany. “Na iza na iza menatra Ahy sy Ny Teniko, dia ho menatra azy Aho.”

<sup>118</sup> Ankehitriny, ny teny hoe *menatra* dia azo adika ihany koa hoe “saikatra.” Fantatrareo, zavatra iray izay ianareo dia . . . Miatrika zavatra iray mahasaikatra anareo ianareo, dia menatra.

<sup>119</sup> Izany, ny zavatra hafa iray izay ataon'ny hoe menatra, izany dia maneho fa tsy mahazo antoka amin'izay resahanareo ianareo. Raha fantatrareo izay resahanareo, ka manana antoka fa fantatrareo izay resahanareo, dia afaka miteny an'izany amin'ny olona ianareo; tsy menatra ianareo. Fa raha mahatsapa ho voaelingelina ianareo, tsy mari-toerana, dia izany no maneho fa tsy mahazo antoka ianareo.

<sup>120</sup> Mahamarika ianareo fa misy betsaka an'izany amin'izao andro izao, indrindra eo amin'ny lohahevitra izay resahako hoe, “*menatra ny Teny*.” Ankehitriny, Izy sy ny Teny dia iray ihany.

*Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.*

*Ary ny Teny dia tonga nofo, ka nonina teo anivontsika, . . . Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay!*

121 Noho izany, “Na iza na iza menatra Ahy sy Ny Teniko,” ary Izy sy Ny Teniny dia Iray, noho izany ny menatra Ny Teniny ao amin’ity taranaka mpanota, ankehitriny ity, “Ho menatra azy Aho.”

122 Ankehitriny mahamarika isika amin’izao andro izao, raha misy olona manao hoe, “Ianao—ianao ve Kristiana iray?” Tena zavatra malaza iray tokoa, ny manao hoe, “Oh, Kristiana iray aho!” Hitanareo?

123 “Fa mino ny Tenin’Andriamanitra ve ianao, izay Ilazany hoe, ‘Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino?’”

124 “Oh!” Na ny endrik’ireo mpitoriteny aza dia hitaramena. Hitanareo?

125 Ianareo ve menatra ny, atao hoe, ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra? Menatra ny Filazantsara feno ve ianareo? Menatra ny fahatsapana pentekotista anareo ve ianareo? Izany no hoe menatra Ny Teniny. Izany No Teniny tonga nofo ao anatinareo.

126 Noho izany, tsy maintsy mivelona amin’ny Tenany ho an’ny taranaka rehetra Ny Teniny. Nivelona tamin’ny Tenany Izy tamin’ny andron’i Mosesy. Satria, tamin’izany andro izany, dia nilaza ny Baiboly, ao amin’ny Hebreo, ny toko faha-1 hoe, “Andriamanitra, tamin’ny fotoana samy hafa sy fanao samy hafa dia niteny tamin’ireo razana tamin’ny alàlan’ireo mpaminany.”

127 Ary ireo mpaminany ireo! Tena naolankolan’ny fiangonana loatra izany rehefa...Ireo mpaminany ireo, ireo irak’Andriamanitra sahy ireo, dia tonga tsy nanana fiangonana, tsy nanana anaram-piangonana, tsy nanana rafi-pandaminana, tsy nanana na inona na inona; nanohitra mpanjaka, fanjakana, fiangonana, sy ny sisa. Ireo mpisorona rehefa nentina teo anatrehan’ny...Nentina teo anatrehan’ireo mpisorona izy ireo, tsy menatra, satria nanana ny HOY NY TOMPO HOE nivantana izy ireo.

128 Raha mahamarika ianareo, ny mpaminany, amin’ny dikan-teny anankiray, ao amin’ny Testamenta Taloha, rehefa izy no miteny ny HOY HY TOMPO HOE, ankehitriny dia diniho izy, mandeha avy hatrany ao amin’ily teny hentitra izy hoe maka ny toeran’Andriamanitra. Marihonareo, rehefa nanonona teo anatrehany izy hoe, HOY NY TOMPO HOE, dia lasa Andriamanitra avy hatrany izy, ary nanao tahaka an’Andriamanitra. Tamin’izay fotoana izay dia nanome ny Hafany izy, izay Andriamanitra miteny amin’ny alàlany hoe, “HOY NY TOMPO HOE!”

129 Mieritreritra an’ireo mpaminany fahiny aho, rehefa tonga niaraka tamin’io Hafatra io izy ireo, dia nahasaikatra an’ireo mpanjaka Izany, ary nanao ny olona hahatsapa ho tsy

mahazo aina Izany. Ireo mpisorona, aza, dia nahatsapa ho tsy nahazo aina, satria izy ireo no natao ho mpitarika, lehilahy mpivavaka, ary izy ireo rehefa... tamin'izany fomba izany no nivoahan'ny Teny, nampiharihary azy ireo Izany, ary nahatsapa ho saikatra izy ireo, na menatra.

<sup>130</sup> Ary matetika no ahitantsika an'izany, tsy hoe matetika, fa tena mazàna mihitsy amin'izao andro izao! Io lehilahy io, hoy ianareo hoe, “Kristiana iray aho!”

“Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?”

“Oh! Hah!” Hitanareo, izy ireo—izy ireo dia saikatra ny amin'Izany.

<sup>131</sup> Hoy ny olona iray hoe, “Mikambana amin'io andiany izay manao an'io hiakiaka rehetra any io ve ianao, ary io karazana fanasitranana avy amin'Andriamanitra rehetra io?” Matetika, mihemotra ireo Kristiana.

<sup>132</sup> Tian'izy ireo ny milaza, raha—raha manana anaram-piangonana iray izy ireo, ankehitriny hoe, “Batista aho. Presbyterana aho. Loterana aho.” Tsy menatra amin'izany izy ireo.

<sup>133</sup> Fa rehefa tonga eo amin'ny hoe Kristiana iray izay afaka mandray ny Tenin'Andriamanitra amin'izay naha-izy Azy fotsiny izy ireo, amin'izay fotoana izay izy ireo dia—izy ireo dia—izy ireo dia menatra. “Tsy mikambana amin'ny anaram-piangonana anankiray aho,” hitanareo, izy ireo, izy ireo dia—izy ireo dia menatra ny hilaza an'izany. Te-hitovy amin'ny sisa amin'izao tontolo izao izy ireo, voasolotenan'ny rafi-pandaminana iray.

<sup>134</sup> Ankehitriny, vao tsy ela mihitsy no nidiran'izany. Tamin'ny andron'i Luther, ny manaiky ny tenanareo ho Loterana iray na mpanaraka an'i Luther, eny, saiky midika mihitsy ho fahafatesana amin'ny fiangonana Katolika izany. Tamin'ny andron'i Wesley, ny mahafantatra fa nanohitra ny fiangonana Anglikana ianareo, izany dia saiky ho sazim-pahafatesana mihitsy amin'ny Anglikana, ny milaza fa Metodista iray ianareo. Tamin'ny andron'ny Pentekosta, dia henatra iray izany, saiky, ny milaza fa ianareo dia—fa ianareo dia pentekotista iray, satria ho kaontina haingana ho holy-roller iray ianareo, na—na mpiteny amin'ny fiteny tsy fantatra iray, na zavatra tahaka an'izany. Nandrafitra izy ireo ankehitriny ary nikambana avy hatrany tamin'ny sisa amin'ilay vondrona.

<sup>135</sup> Ankehitriny rehefa tonga ny fotoan'ny antso hivoaka, ka tsy mikambana amin'ny iray amin'izany ianareo! Tena malaza mihitsy ny miteny hoe, “Pentekotista aho.” Tena malaza mihitsy ny miteny hoe, “Presbyterana aho. Loterana.” Fa ahoana ilay izy rehefa tonga eo amin'ny fotoana izay



tsy maintsy hivoahanareo ka hanohana ny Teny hoe, “Tsy mikambana amin’ny iray amin’izany aho”? Izany, izany no hoe saikatra.

<sup>136</sup> Hoy Jesosy hoe, “Ankehitriny, raha menatra Ahy ianareo, amin’izay fotoana izay dia ho menatra anareo Aho.” Nahoana Izy no ho menatra anareo? Satria ianareo dia milaza fa Azy, nefa ianareo tsy hanaraka Azy.

<sup>137</sup> Ahoana moa raha hoy aho hoe, “Io zazalahy kely io, izy no—izy no zanako”; mitodika izy ka manao hoe, “Iza, izaho ve dia zanakao? Mihevitra ahy ho iza ianao!” Hahasaikatra ahy izany. Izany dia hahasaikatra, ho an’ny zanakareo.

<sup>138</sup> Ary tahaka an’izany ilay mody antsoina hoe Kristianisma amin’izao andro izao. Raha anaram-piangonana iray no anononanareo azy, dia mety tsara, manaiky ny maha-ray ny anaram-piangonana iray izy ireo. Fa rehefa tonga eo amin’ny fanekena ny maha-ray ny Tenin’Andriamanitra ilay izy, Kristy, tsia, dia saikatra izy ireo. Tsy te-hilaza izy ireo hoe, “Eny, niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra aho. Eny, nahita fahitana aho. Eny, mino ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra aho. Eny, midera ny Tompo aho. Afaka tamin’ny rafi-pandaminana rehetra aho, tsy miankohoka amin’ny iray amin’izany aho. Mpanompon’i Kristy iray aho.” Oh, oadray, handrovitra azy ireo ho potipotika mihitsy izany.

<sup>139</sup> Indray hariva, tonga teo anivon’ny Full Gospel Business Men ny mpikabary malaza iray tany Chicago.

<sup>140</sup> Afaka mijanona eto iray minitra fotsiny ve aho, mba hilaza an’izao. Mamelà ahy ianareo. Fa matetika ianareo dia mieritreritra, ary izaho koa, fa izay resahantsika, ny Fahamarinan’ny Baiboly, dia tsy tonga any anivon’ireo olona. Fa, tonga Izany. Hitroatra mihitsy izy ireo indraindray hanohitra an’Izany, saingy tsy fanahy inian’izy ireo tokoa izany. Miezaka izy ireo ny hahita hoe aiza izy ireo no mijoro.

<sup>141</sup> Tahaka an’ily tantara mikasika ny andiana mamolava iray, niady hevitra fa tsy misy izany karazana Kristianisma izany. Hoy ny lehilahy anankiray hoe, “Izaho mahafantatra fa misy anankiray any, ny vadiko izany.”

Hoy izy, “Eny, izaho—izaho tsy mino an’izany.”

Hoy izy, “Avia, isika dia... ndao isika mody hanao tena mamamo.”

<sup>142</sup> Nandeha tany an-trano izy ireo, ary nanao ny zavatra rehetra izay azony natao. Ary—ary niteny izy ireo mba handrahoana atody vitsivitsy ho azy ireo, ary avy eo dia natsipiny tamin’ny gorodona izy ireo, ka nanao hoe, “Mahay mahandro ny atodiko tsaratsara kokoa noho izao ianao!” Nanao hadalana tao amin’ily trano. Ary nandeha tao

amin'ilay efitra hafa izy ireo, nitsirara teo amin'ny seza iray. Nandre olona iray izy ireo namafa an'ilay izy tao, tsy niteny teny anankiray, nilaza, nihira hira kely iray ho an'ny tenany.

Tsy maintsy Jesosy irery ve no hitondra ny hazo fijaliana,

Ka ho afaka izao tontolo rehetra izao?

Misy hazo fijaliana iray ho an'ny tsirairay avy, Ary misy hazo fijaliana iray ho ahy.

Ary io hazo fijaliana io dia ho entiko,

Mandra-panafaky ny fahafatesana ahy,

Ary amin'izay fotoana izay dia handeha hody hitondra satroboninahitra iray.

<sup>143</sup> Hoy ilay mamolava ratsy anankiray hoe, “Inona no noteneniko taminao?” Hoy izy, “Kristiana iray izy!” Hitanareo, nizaha toetra azy fotsiny izy ireo. Ary indraindray izao tontolo izao, efa nahita aho, dia mizaha toetra anareo.

<sup>144</sup> Noho izany dia tsy nieritreritra mihitsy aho fa hitranga izany, saingy tamin'ny Sabotsy hariva lasa, mino aho fa izay ilay izy, na ny Alahady hariva, ilay mpikabary malaza. . . Tsy natao hanonona anaran'olona aho. Fa niezaka izy, niasa nifanohitra marina toka. Izaho miezaka mihazona an'ireo fiangonana ireo hivoaka amin'ilay hetsika ekiomenika, fa ity lehilahy ity dia miezaka ny hampiditra azy ireo ao anatiny ao. Noho izany, niresaka ho an'ny Christian Business Men izy. Fa, izaho no natao hanao an'ilay fivoriana tany Chicago, fa nihevitra aho fa ho any Afrika tamin'io fotoana io, noho izany tsy afaka nandray an'ilay izy aho. Nilaza io lehilahy io, nitsangana teo ary nanao hoe, “Ny hetsika lehibe indrindra, ny zavatra lehibe indrindra eto an-tany ankehitriny, izay tsy mbola nisy; hiverina ao amin'ny fiangonana Katolika ny fiangonana rehetra, ao amin'ilay hetsika ekiomenika, ary handray ny Fanahy Masina ireo Katolika.” Fandriky ny devoly toy ny inona!

<sup>145</sup> Ary io mpitarika io, Rahalahy Shakarian, ilay filohan'ny International Business Men, dia nitsangana ka nilaza, rehefa avy nipetraka ilay lehilahy, hoy izy, “Tsy izany no fomba nandrensanay azy.” Hoy izy, “Rahalahy Branham dia niteny taminay, hoe, ‘Io hetsika ekiomenika io no hitondra azy rehetra ireo ho amin'ny mariky ny bibidia.’” Ary nipetraka teo amin'ny lampihazo ilay lehilahy. Hoy izy, “Io no hitondra an'izany ho amin'ny mariky ny bibidia.” Ary hoy izy, “Izahay dia natao hino fa izay lazainy no Fahamarinana.” [Hoy ny olona iray ao amin'ny fiangonana hoe, “Amena! Izahay koa!”—Mpand.] Ary hoy izy hoe, “Firy aminareo no te-handre an-dRahalahy Branham ho tonga sy hanome anareo ny lafiny marina amin'izany? Mitsangàna.” Ary nisy olona dimy arivo mahery tany. Nikiakiaka sy niantsoantso izy ireo, mba ho tonga ho an'ny andro anankiray fotsiny, andro anankiray.

<sup>146</sup> Niantso ahy Rahalahy Carl Williams, nanao hoe, “Rahalahy Branham, ry tovolahy, nitety an’io vahoaka be io aho,” hoy izy, “nametraka antotana ravim-bola zato dolara teo an-tânako izy ireo, mba hividianana tapakilan’ny fiaramanidina ho anao hankaty, sy miverina.” Hitanareo, ho an’ny andro anankiray fotsiny!

<sup>147</sup> Hitanareo, ireo olona ireo, ity Teny ity dia milentika any amin’izay tsy ahafantarantsika azy indraindray. Hitanareo? Fa, hitanareo, ianareo rehefa tena...Tsy mampaninona na izao tontolo izao firy no manohitra an’Izany, anaram-piangonana firy no manohitra an’Izany, Andriamanitra no manaporofa Azy ho ny Fahamarinana. Rehefa mandona ilay ora lehibe amin’ny farany, dia hitranga ireo zavatra izay angamba tsy noeritretintsika.

<sup>148</sup> Eny, izany no maneho fa tsy mahazo antoka ianareo, raha saikatra ianareo, noho izany dia aleonareo tsy miady hevitra an’ily lohahevitra. Raha ho menatra amin’ily izy ianareo, dia tsy ho tianareo ny hiady hevitra an’izany; mitandrana.

<sup>149</sup> Fa ahoana no ahafahan’ny lehilahy iray izay nofenoina ny Fanahy Masina, ahoana no ahafahan’ny lehilahy iray feno ny Herin’Andriamanitra, sy ny fitiavana an’Andriamanitra ao am-pony, hiresaka amin’ny lehilahy iray mandritry ny minitra vitsy nefa tsy hilaza zavatra iray mikasika an’io fitiavana izay ao am-pony io? Hitanareo, misy zavatra iray ao izay—izay mitranga; tsy vitanareo izany.

<sup>150</sup> Iza no, tsy maintsy ho ilay andro ratsy izay noresahan’i Jesosy. Menatra ny Teny sy ny Fanahin’Andriamanitra izay miasa ao anatin’izy ireo ny olona. Saingy rehefa natao mazava tamin’ny olona ny Fahamarinana, amin’izay fotoana izay Andriamanitra, Izy tenany, no manambara ny Tenany amin’ny alàlan’ny Teny.

<sup>151</sup> Ankehitriny, ny olona rehetra dia afaka manao ny karazana filazana rehetra. Ary efa nanana an’izany isika amin’izao andro izao, izay efa nisy filazana maro be voalaza, ka tena nampahatahotra ilay izy. Fa, hitanareo, raha misy ny Fahamarinana iray, dia tsy maintsy avy amin’ny Teny izany. Satria, milaza izy ireo fa nanana an’ireo karazan-javatra rehetra, ny amin’ny menaka mivoaka avy amin’ny olona, sy rà mivoaka eny amin’ny tânany, ary ireo vehivavy dia misy an’io rà io ao amin’ny lamosiny, ka mikorina hatreny amin’ny kirarony, ary manangana ny kirarony sy mandraraka menaka, dia mitsambikina mivoaka ireo sahona ka mitsambikimbikina eny amin’ny lampihazo, sy ireo karazan-javatra rehetra tahaka an’izany. Tsy misy an’izany karazan-javatra izany ao amin’ny Baiboly. Tsy misy teny fikasana ho an’ny zavatra iray tahaka an’izany, ao amin’ny Baiboly. Izao ihany, hoy Izy hoe, “Amin’ny andro farany, dia tena hifanakaiky ilay fanahy ka hamitaka ny Voafidy izany raha azo atao.” Fa tsy misy Soratra ho an’izany ao.

<sup>152</sup> Fa rehefa tonga eo amin'ilay Tenin'Andriamanitra tena izy, tsy mifangaro, nohamarinin'Andriamanitra izany, dia toy ny hoe mahasaikatra an'ilay vondrona hafa mihitsy aza Izany, eo amin'ny lafiny ara-pototra. Hitanareo, misy fahaverezan-kevitra iray mikasika an'Izany.

<sup>153</sup> Fa Izany dia zava-misy iray ho an'ny lehilahy iray na vehivavy, zazalahy na zazavavy, izay Kristiana iray tena izy marina tokoa. Rehefa nanao ny teny fikasan'ny batisan'ny Fanahy Masina Andriamanitra, ka mandray an'Izany ianareo, dia misy Zavatra iray izay mipetraka ao anatinareo, ka tsy misy na inona na inona maka ny Toerany. Rehefa tena mihaona amin'Andriamanitra ny lehilahy iray; tsy hoe ao amin'ny fientanam-po namboarina iray, hafanam-po iray, na foto-pampianarana iray, katesizy na fanekem-pinoana iray, na dogma iray izay nekeny ho—ho fampiononana ho an'ny tenany, fa rehefa tena tonga tokoa eo amin'ny toerana tahaka ny nisy an'i Mosesy izy, tany ambadik'ilay tany efitra, nandeha nifanatrika tamin'Andriamanitra Tsitoha, ka hitanareo fa ilay Feo miresaka aminareo, araka ny Teny marina tokoa sy ny teny fikasan'ilay ora, dia misy zavatra ataon'Izany aminareo! Hitanareo, tsy menatra amin'Izany ianareo, manao zavatra aminareo Izany. Ankehitriny, ndao isika hijery ankehitriny, mandritry ny dimy ambin'ny folo minitra manaraka fotsiny.

<sup>154</sup> Misy olona sasany izay mandray an'izany karazana fahatsapana izany. Ary araka ny hiresahako aminareo androany, tsy amin'ny maha-fiangonana iray na amin'ny maha-anaram-piangonana iray, miresaka aminareo amin'ny maha-isam-batan'olona aho; tsy hoe satria tonga eto amin'ity tabernakla ity ianareo, satria hoe tiako ianareo ary ianareo tia ahy, tsy hoe noho izany. Mamelà ahy hiresaka aminareo amin'ny maha-mety maty iray, hoe indray andro any dia tsy maintsy ho tonga eo amin'ny faran'izao fiainana izao ianareo. Ary mety tsy ho eo aho, ary mety tsy ho eo ny mpitory teny iray hafa. Fa misy Anankiray Izay afaka mihaona aminareo eo, dia Andriamanitra izany. Ary ianareo—ianareo no mihaino Azy, fa tsy manontany hoe “ny vadiko vavy ve Kristiana tsara iray” na—na “ny vadiko lahy ve Kristiana tsara iray,” fa, “Izaho ve marina amin'Andriamanitra? Nihaona tamin'Andriamanitra tahaka an'izany ve aho?” Tsy hoe satria “ny pasiterako no nihaona tamin'Andriamanitra,” na satria “ny diakonako no nihaona tamin'Andriamanitra,” fa, “Nihaona Taminy ve aho?” Tsy hoe satria “nikiakiaka aho,” tsy hoe satria “niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho,” fa satria, “Nihaona Taminy amin'ny maha-Olona iray aho!” Amin'izay fotoana izay dia tsy ho menatra an'Izany mihitsy ianareo, misy Zavatra izay tena tanteraka sy madio ao, ary marina.

<sup>155</sup> Ary tsarovy, mety mihaona amin'ny fanahy iray izay hanao tahaka an'Andriamanitra ianareo. Mety mihaona

amin'ny fanahy iray ianareo, hanao an'ity, *itsy*, na ny *hafa*; araho vetivety izany dia jereo hoe ahoana no itahan'izany amin'ny Tenin'Andriamanitra. Mety mihaona amin'ny fanahy iray ianareo izay hiteny aminareo fa voavonjy ianareo, ary hanome anareo fihetseham-po lehibe iray, dia hikiakiaka sy hiantsoantso ianareo; avy eo rehefa tonga eo amin'ny fandavana ny Teny ilay izy, ahoana no ahafahan'ny Fanahy Masina, izay nanoratra ny Teny, handà Ny Teniny Manokana? Io Fanahy io dia tsy maintsy hanindry ny teny fikasan'Andriamanitra rehetra amin'ny “amena”! Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia tsy nihaona tamin'Andriamanitra mihitsy ianareo, nihaona tamin'ny fanahy mamitaka iray ianareo. Ary feno an'izany izao tontolo izao amin'izao andro izao!

<sup>156</sup> Fa rehefa mahita an'Andriamanitra midina ianareo ka manao fanambarana iray, hoe hanao zavatra anankiray Izy, amin'izay fotoana izay dia miverina ilay izy ka manao an'izany, isam-potoana isam-potoana isam-potoana, amin'izay fotoana izay ianareo no manana Fanahin'Andriamanitra tena izy iray.

<sup>157</sup> Ahoana no hahafahan'ny Fanahy iray ho eo amin'ny olona iray, ilay Fanahy Masina izay nanoratra ny Baiboly, avy eo dia mihodina ka mandà hoe, “Tsy marina Izany, ho an'ny andro iray hafa Izany”?

<sup>158</sup> Hoy Izy hoe, “Ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.” Izany no Asa 2:38. Ahoana no ahafahan'ny fanahy iray hanaiky ny zavatra rehetra samihafa amin'Izany, ka ho avy amin'Andriamanitra, nefa hoy ny Hebreo 13:8 hoe, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay”?

<sup>159</sup> Ahoana moa raha hoy ny olona iray hoe, “Oh, mino aho fa filozofy iray Izy. Lehilahy tsara iray Izy. Mpaminany iray Izy. Saingy raha ny amin'ny Heriny . . .”

<sup>160</sup> Niresaka tamin'i George Smith aho indray hariva, ilay zazalahy izay miaraka amin'ny zanakovavy, Rebekah; ankizy mahafinaritra iray, efa nihira teto amin'ny tabernakla. Zazalahy Batista iray izay naka fotsiny . . . niteny hoe, “Esory hiala amin'io zavatra io ny anarako! Tsy te-hanao na inona na inona amin'io aho.” Ary nisy ramatoa tanora iray . . . Nanana kanferansa iray izy ireo, io fiangonana Batista iray io, eny amin'ny havoana.

<sup>161</sup> Ary—ary tena manohitra ahy mafy izy ireo, izy rehetra any ireo, ary tsy hoe mikasika . . . Tsy manana na inona na inona anoharana ahy izy ireo; ilay izy dia manohitra an'ity Teny ity. Izaho, amin'ny maha-lehilahy iray, tsy afaka milaza na inona na inona manohitra ahy izy ireo, tsy nanao ratsy azy ireo mihitsy aho. Fa *Ity* no atahoran'izy ireo. Hitanareo? Ankehitriny isika dia . . .

<sup>162</sup> Nanana an'io fivoriana io izy ireo tany, raha ny marina, ary izy ireo dia nanana, hanana misionera iray handray an'ireo hariva telo farany an'io kanferansa lehibe io, teny amin'ny havoana izay nangatsiatsiaka. Izao no nitranga, nitsangana io misionera io ary tonga teo amin'ny Marka 16, ka hoy izy hoe, “Maro amin'izao andro izao ireo olona izay tsy mety mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra.” Hoy izy, “Tany Inde aho. Indiana aho. Ary tany Inde aho rehefa nisy lehilahy iray eto Etazonia eto, amin'ny anarana hoe Rahalahy Branham, tonga.” Nanomboka nikofokofoka ilay pasitera. Hoy izy, “Ny vadiko dia teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana. Izaho jamba,” na zavatra tahaka an'izany. “Nivavaka ho an'ny anankiray taminay izy, sy ilay anankiray hafa izay nantsoiny tao amin'ny mpanatrika, tsy nahay akory ny fiteninay manokana aza, ary niteny ny Herin'Andriamanitra.” Dia hoy izy, “Indro izahay, sitrana!” Eny, niezaka ny nampangina azy izy ireo. Tsy vitan'izy ireo izany. Izany dia, hitanareo, tao amin'ny kanferansan'izy ireo manokana mihitsy.

<sup>163</sup> Nolavin'izy ireo mihitsy aza ny zavatra rehetra avy eo. Ary ny olona sasany, na ny...ny anabavin'io zazalahy io, ireo teo amin'ny tany, dia tsy nanana na inona na inona ho lazaina mihitsy aza. Tian'izy ireo ny hahafantatra raha tsy nisy nifandraisana izy, fomba iray izay hahafahan'izy ireo mahita.

Hoy ny anankiray tamin'ireo ramatoa hoe, “Eny, mino an'izany aho.”

<sup>164</sup> Lasa nijery an'io ramatoa io i Rebekah sy George. Nandeha izy ary nitondra zazavavy iray nararin'ny—ny...karazan'ny tara, kely. Noho izany dia niantso ahy ho tonga tany izy ireo hijery an'ilay zazavavy, indray hariva. Ary nandeha tany aho, nipetraka teo ilay ramatoa kely, dia hoy aho hoe, “Mpino iray ve ianao?”

<sup>165</sup> Hoy izy hoe, “Nah, tsy fantatro na izy aho na tsia.” Eny, tsy tara izy; fanahin-devoly iray fotsiny. Tsy fantatr'izy ireo izany. Hitanareo, izany no mahazo anareo, nefa tsy fantatrareo ilay izy. Tonga izany, avy eo dia ny herisetra no mandresy an'ilay olona, nefa tsy fantatr'izy ireo izany.

<sup>166</sup> Ireo vehivavy izay mandeha eto an-dàlambe eto, manao an'ireny sorta ireny, dia tsy mahafantatra izy ireo. Izy ireo dia mety, mety afaka hanaporofa sy hianiana ny amin'izany, hoe tsy nanao zavatra ratsy nanohitra ny vadiny mihitsy izy ireo, na ny sisa, tahaka an'izany. Fa ny ao am-pony, tsy mahafantatra izy ireo, fa ilay fanahin'ny devoly no nahazo azy. Azon'izany izy ireo. Nahoana ny vehivavy iray no te-hanala ny akanjony, hiala eo anoloan'ny lehilahy iray? Olona anankiray ihany no nanao an'izany, ao amin'ny Baiboly, fa marary saina izy ireo. Ny sasany miezaka

handrakotra ny tenany; tsy mahafantatra izy ireo. Tena fetsifetsy ilay izy, tena fetsy! Mila mitandrana ianareo, mandanja ny tenanareo amin'ny Tenin'Andriamanitra, ka hahita hoe aiza ianareo no mijoro.

<sup>167</sup> Hoy io ramatoa tanora io hoe, “Oh, izy ireo no niteny tamiko fa efa vita batisa aho fony mbola ankizy iray.” Hoy izy, “Tsy fantatro na tokony hino an'izany karazan-javatra izany aho na tsia.”

Hoy aho hoe, “Tsy mino an'i Jesosy Kristy ve ianao?”

<sup>168</sup> Dia hoy izy hoe, “Eny, tsy fantatro na mino aho na tsia.” Hoy izy hoe, “Raha ny sasany amin'io karazana fitapitaka io, tsy mino an'izany aho.”

<sup>169</sup> Hoy aho hoe, “Eny, mazava ho azy, tsy mino an'io karazana fitapitaka io ianao.” Hoy aho hoe, “Fa mino ve ianao fa Izy no Zanak'Andriamanitra?”

“Oh,” hoy izy, “mety ho izany Izy.”

<sup>170</sup> Hoy aho, dia hoy aho hoe, “Mino ve ianao fa Izy no tsy miova anio, ilay Andriamanitra izay hamonjy anao?”

<sup>171</sup> Hoy izy hoe, “Misy ve izany karazan-javatra mikasika ny fahagagana sy ny karazan-javatra toy izany? Tsy mino na inona na inona mikasika an'izany aho.”

<sup>172</sup> Ary hoy aho hoe, “Inona no hataonao raha nipetraka tao amin'ny fivoriana iray ianao ka nahita an'Andriamanitra, ilay Fanahy Masina, dia ilay Andriamanitra tokana izay misy, miasa eo anivon'ny olona; Andriamanitra ao amin'ny maha-Ray, ilay Andry Afo, sy ireo mpaminany; Andriamanitra ao amin'ny Zanany; avy eo Andriamanitra ao amin'ny Olony? Toetran'Andriamanitra fotsiny izany, Andriamanitra lehibe anankiray Izay mameno ny Mandrakizay.” Hoy aho hoe, “Inona no ho hitanao raha Izy, eo anivon'ny Olony, no nanao ny—ny jamba hahita, ny marenina handre, nijery tany amin'ny mpanatrika ka niteny tamin'ny olona an'izay tsy nety tamin'izy ireo, sy tahaka ny Nataony fony Izy teto an-tany?”

Hoy izy hoe, “Mino aho fa mety ho tononandro izany.”

<sup>173</sup> Hoy aho hoe, “Ao amin'ny toerana ratsy indrindra noho izay noheveriko fa nisy anao ianao. Tsaratsara kokoa ho anao raha adala ianao, hitanao, tsy ho tompon'andraikitra ianao amin'izay.” Fa hoy aho hoe, “Azon'ny fanahy ratsy iray fotsiny ianao.” Hoy aho hoe, “Rehefa niteny tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana mikasika ny vadiny i Jesosy, rehefa nijery teo amin'ny olona Izy ka nahafantatra ny eritreriny, hiantso an'izany ho tononandro ve ianao?” Hitanareo, tena voafono mihitsy ao anatin'ny anaram-piangonana iray, antsoina hoe Loterana, ary ny zavatra rehetra mifanohitra amin'izany dia diso!

<sup>174</sup> Ankehitriny dia mila olona izay voafono ao anatin'ny Teny Andriamanitra. Diso ny zavatra rehetra mifanohitra amin'Izany! Hoy Jesosy hoe, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho ny Fahamarinana."

<sup>175</sup> Nisy lehilahy anankiray tao amin'ny taona tena siantifika iray, amin'ny anarana hoe Noa. Tsy menatra ny Tenin'Andriamanitra izy. Nihaona taminy Andriamanitra, ary niresaka taminy Izy. Fantany fa Andriamanitra izany. Ary hoy Izy hoe, "Ho avy ny orana!" Tsy nisy orana mihitsy tamin'izany, saingy nino izy fa ho avy ny orana. Ary ilay finoana izay nananany, dia tsy menatra ny nampihatra an'izany izy. Nila roapolo amby zato taona izy hanamboarana sambofiara iray, nefa izao tontolo izao nanohitra azy. Tsy menatra ny Tenin'Andriamanitra izy, tamin'ny androny. Namonjy azy sy ny ankohonany Andriamanitra, noho izany. Nisy ny... Hadalana toy ny ahoana izany ho an'ireo olona hafa; saingy, ho azy, dia nihaona tamin'Andriamanitra izy. Tsy mampaninona na siantifika toy ny ahoana aza ilay hafa, izay nifanohitra, toy ny ahoana no nilazana hoe "tsy mety hitranga izany, tsy mety hitranga izany," nihaona tamin'Andriamanitra izy!

<sup>176</sup> Izany ilay izy rehefa fantatrareo fa miresaka Aminy ianareo! Hihevitra ianareo fa zavatra adala izany rehefa ny olona iray...Fa, fantatro fa misy olona vitsy eto amin'izao tontolo izao izay mihazona eo amin'izay lazaiko ho ny Fahamarinana. Mitsangana eto ka manao hoe, "HOY NY TOMPO HOE, handeha any Arizona aho, hihaona amin'ny Anjely fito ao amin'ny andian-kintana," eny, nisy vondron-dehilahy iray nitsangana tany mba hahita an'izany hitranga. Indray hariva, nilaza an'izao aho hoe, "Hilentika ao anatin'ny ranomasimbe i Los Angeles." Fa rehefa nihaona tamin'Andriamanitra ianareo, ary ilay Andriamanitra Izay tsy mety diso, ilay Andriamanitra Izay manao marina tokoa an'izay Nolazainy fa Hataony, nanao an'izany foana Izy, dia tsy menatra an'izany ianareo amin'izay fotoana izay. Tsy mila miverina ianareo ka saikatra ny amin'izany; afaka miteny amin'izao tontolo rehetra izao ianareo. Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny lehilahy iray, miresaka Aminy, ka ilay fisian'Andriamanitra dia lasa azy ao am-pony, dia tsy menatra amin'Izany izy.

<sup>177</sup> Tsy menatra i Noa. Toy ny hoe hadalana izany ho an'ny sisa tamin'izao tontolo izao, fa tsy ho azy.

<sup>178</sup> Mosesy, rehefa teo anatrehan'i Farao izy, dia tsy menatra izy ny niteny tamin'i Farao hoe hitranga ireo zavatra samihafa ireo, satria nihaona tamin'Andriamanitra izy. Andriamanitra no niteny taminy, tao amin'ny roimemy nirehitra. Hoy Mosesy hoe, "Izaho—izaho dia miankanakana." Izany no nananany, fiambakavakam-piteny.



179 Hoy Izy hoe, “Indro tonga i Arona. Ianao ho Andriamanitra ho azy, ary izy ho mpaminany aminao. Fantatro fa mahay miteny tsara izy. Saingy Izaho no homba ny vavanao. Iza no nanao ny olona hiteny?” Amena. Tiako izany. Izany dia Andriamanitra. “Iza no nanao ny olona harenina na ho moana, na iza no nanao ny olona hiteny?” Andriamanitra no manao.

Hoy izy hoe, “Tompo, asehoay ahy ny Voninahitrao.”

Hoy Izy, “Inona iny an-tànanao iny?”

Hoy izy hoe, “Tehina iray.”

180 Hoy Izy, “Atsipazo amin’ny tany iny,” dia nivadika menarana ilay izy. Hoy Izy, “Raiso indray izany,” niverina ho tehina iray ilay izy. Amena. Andriamanitra Izy. “Ataovy ao an-tratranao ny tãnanao.” Nataony tao izany, navoakany ilay izy, fotsin’ny habokana. Hoy Izy, “Avereno dia avohay indray,” ary nitovy tamin’ily tãnana hafa izany. “Izaho no Andriamanitra.”

181 Avy eo dia nandeha teo anatrehan’i Farao izy ka nilaza an’izay Nolzainy fa ho lazainy. Hoy izy hoe, “Hisy an’izao sy izao.” Nalainy ny fasika ka natsipiny teny amin’ny rivotra, ka hoy izy, “HOY NY TOMPO HOE, aoka hisy parasy ho tonga eto ambonin’ny tany,” dia tonga ny parasy. Nalainy ny rano ary nararany tao amin’ny renirano, ka hoy izy, “HOY NY TOMPO HOE,” dia nivadika ho rà ireo renirano manontolo sy ny sisa. Nantsoiny ny havandra hidina avy tany an-danitra.

182 Fantatrareo, natao hiverina indray ireo loza ireo amin’ny andro farany. Ary tsarovy, ny mpijangajanga iray, tamin’ny andron’ny Baiboly, ny saziny dia fahafatesana amin’ny alàlan’ny fitoraham-bato. Ary ny fiangonana tsy mino dia ho toraham-bato ho faty, amin’ny havandram-bato, izay fomba fanasazian’Andriamanitra fahiny. Hitora-bato an’ity izao tontolo izao tsy mino ity Izy, ity taranaka mpijangajanga ity. Hitora-bato azy avy any an-danitra Izy, amin’ny havandram-bato milanja talenta iray ny anankiray, izany hoe zato livatra. Ho faty ilay fiangonana mpijangajanga, izao tontolo izao mpijangajanga dia ho faty eo ambanin’ny fanasazian’Andriamanitra, eo ambanin’ny fitoraham-bato, tahaka ny Nataony tany amin’ny voalohany. Mahitsia amin’Andriamanitra, ry fiangonana! Izany ihany no tsy maintsy hataontsika, miverina amin’Andriamanitra!

183 Io Elia feno volon-tava io, fotsy volombava, sola loha, sandry mahia, valopolo taona dia nipetraka tany an-efitra, nijery ny fahotana teo amin’ny olona. Niteny taminy Andriamanitra indray maraina, nanao hoe, “Mandehana mankany ary teneno i Ahaba fa tsy hisy ando akory aza hilatsaka avy any an-danitra raha tsy ianao no mitaky an’izany.”

184 Toa hitako ireo maso keliny mijery avy ao ambanin’io volon-tava feno volombava fotsy io, ilay tehina teny

an-tànany, nandeha teny amin'ny làlana tahaka ny zazalahy iray enina ambin'ny folo taona. Niditra avy hatrany teo amin'ny fanatrehan'ilay mpanjaka izy, ary nanao hoe, "Tsy hisy ando akory aza avy any an-danitra raha tsy izaho no mitaky an'izany." Tsy menatra an'Andriamanitra na Ny Teniny izy; niteny tamin'ny mpanjaka iray na olon-kafa iray. Tsy menatra izy. Tsy nila niafina izy, nanao hoe, "Ankehitriny, ry Ahaba, ianao dia ho . . ."

<sup>185</sup> Izany dia mametraka ao an-tsaiko zavatra iray toy ny hoe antsika irery. Hoy aho tamin'ny olona tamin'izay fotoana izay hoe, "Ho tonga eo amin'ny toerana iray aho, izay ilàko finoana bebe kokoa." Ho an'izany no mahatonga ahy eto an-trano ankehitriny dia ny hahazo ny—ny fipoahana vaovao iray an'ny finoana.

<sup>186</sup> Ohatra, toy ny hoe, rehefa mivavaka ho an'ny olona ianareo, dia miala tsiny ianareo hoe, "Atoa. Devoly, hakisaka ve ianao azafady ka hamela ahy. . .?" Tsy misy dikany! Ny finoana dia manana hozatra, sy volo eo amin'ny tratrany. Rehefa miteny izy, dia mangina ny zavatra hafa rehetra. Aza miditra ao hoe, "Atoa. Devoly, hivoaka ve ianao?"

<sup>187</sup> "Mialà ato! Zanak'Andriamanitra aho, nirahin'Andriamanitra. Avelao hipetraka tsara izy ireo!" Miala io. Tsy mila miala tsiny amin'ny devoly ianareo, tsy misy idiranareo aminy. Tsy menatra ny Tenin'Andriamanitra, tsy menatra ny fanirahanareo, tsy menatra ny amin'izay maha-izy anareo.

<sup>188</sup> Ny hany mahamenatra ahy, dia izaho Branham iray, izany hoe ny fahaterahako teto an-tany. Menatra an'ireo tsy fahombiazako aho.

<sup>189</sup> Fa amin'ny maha-Mpanompony, dia tsy menatra aho! Tsy menatra Ny Teniny aho. Na anaram-piangonana izany, mpanjaka, manam-pahefana, na mety ho inona izany; vonona fotsiny hanome valiny iray aho, izany no takian'Andriamanitra.

<sup>190</sup> Nandeha teo anatrehan'i Farao i Mosesy. Tsy menatra izy niteny taminy fa tsy hanao marimaritra iraisana izy ireo ka haka andro *izao hafiriana* any an-efitra.

Hoy izy hoe, "Ny sasany amin'ireo vehivavy dia mijanona, miaraka amin'ireo zanakareo."

<sup>191</sup> Hoy izy, "Izahay rehetra no handeha! Tsy hisy kitro anankiray akory aza ho tavela any aoriana, ho entinay ny biby fiompina sy ny rehetra." Tsy menatra izy. Nahoana? Efa niditra tao amin'ny Hazavan'ny fanafahana izy.

<sup>192</sup> Izany no antony hoe rehefa ny lehilahy iray na vehivavy iray, marary na zavatra iray, vantany vao miditra eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ary mahafantatra fa nanasitrana

azy ireo Andriamanitra, dia miditra ao amin'ny Hazavan'ny fanafahana ianareo. Tsy manao marimaritra iraisana eo amin'ny zavatra rehetra ianareo.

<sup>193</sup> Tao am-pony ny fanafahana, satria izy efa nihaona tamin'Andriamanitra Izay nanao hoe, "Izaho no Andriamanitr'i Abrahama, Izay nanome ny teny fikasana an'i Abrahama. Ary ny fotoana, ny fotoan'ny fanavotana, an'ny fanafahana, dia antomotra. Izaho no maniraka anao ho any hamoaka azy ireo." Inona no tokony hialàna tsiny, ny amin'izany?

<sup>194</sup> Afaka namono azy i Farao. Lehilahy iray fotsiny izy. Andevo iray izy. Afaka namono azy izy. Saingy tsy menatra ny Teny izy. Tsy tonga izy ka nandohalika ary niangavy na inona na inona tamin'i Farao. Hoy izy hoe, "Tonga aho haka azy ireo."

Hoy i Farao hoe, "Eny, tsy afaka maka azy ireo ianao!"

<sup>195</sup> Hoy izy hoe, "Eny àry, noho izany dia hisy parasy eto ambonin'ny tany, hany ka tsy afaka hitety azy ireny ianao." Ary izany no nitranga teo.

Hoy izy, "Oh, Mosesy, ento any izy ireo!"

Hoy izy, "Eny àry. Ankehitriny hibebaka ve ianao?"

Hoy izy, "Eny, afaka mandeha andro izao hafirina any an-efitra ianareo."

<sup>196</sup> Hoy izy hoe, "Noho izany dia ho tonga ny lalitra." Amena. Hoy izy, "Ho tonga ny aizina." Tena maizina loatra ilay izy hany ka tsy afaka nahita toerana anankiray mankeo amin'ny hafa ianareo.

<sup>197</sup> Ary farany dia tonga ny fahafatesana. Nanomboka tamin'i Farao ka hatrany amin'ilay mpanompo, dia fahafatesana ho an'ny ankizy lahimatoa tao amin'ny fianakaviana izany. Tsy nila niala tsiny tamin'ny olona iray izy. Zanak'i Abrahama izy, nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, nahazo fanirahana avy tamin'Andriamanitra, ilay Hafatr'Andriamanitra, mba hidina ka hamoaka an'ireo vahoaka ireo.

<sup>198</sup> Eny, tsy afaka miantso an'ilay zavatra iray ihany ve Andriamanitra amin'izao ora izao, mba hamoaka Ampakarina iray avy ao amin'ny fiangonana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Daniela dia tsy, na . . .

<sup>199</sup> Davida, raha ny marina, dia tsy natahotra teo anatrehan'i Saoly. Rehefa natahotra an'i Goliata ny olona rehetra teo, dia tsy natahotra ny handroso izy. Ary hoy izy, "Ny mpanomponao . . ." Hoy ity sakaiza mena tava kely ity hoe, "Niandry ny ondrin'ny rainy ny mpanomponao, ary tonga ny bera iray ka naka ny anankiray tamin'izy ireo. Nenjehiko izy tany an-efitra ary novonoiko, tamin'ity antsamotady ity. Tonga ny liona iray." Oh, oadray! "Tonga ny liona iray ary naka ny anankiray tamin'izy ireo, dia nandositra tany an-efitra, ary notoraniko tamin'ny antsamotady

iray izy. Rehefa nifoha izy, dia novonoiko.” Hoy izy hoe, “Ary ilay Andriamanitra...” Nitsangana teo io mpanjaka niverin-dàlana io, ireo miaramila mohaka izay milaza fa manompo an’ily Andriamanitry ny Lanitra, nefa namela an’io Filistina tsy mifora io hitsangana teo sy hanohitra ny tafik’Andriamanitra velona. Hoy izy, “Ny mpanomponao koa dia hamono azy. Satria, ilay Andriamanitra Izay nanolotra ahy an’ily liona sy bera, no hanolotra ahy koa an’io Filistina tsy mifora io.” Tsy niankanakana izy, tsy nanao hoe, “*angamba* ho vita izany.” Hoy izy hoe, “Ho vita izany!” Tsy menatra izy.

<sup>200</sup> Daniela, teo anatrehan’ily mpanjaka, dia tsy natahotra ny hanohitra an’ireo didiny hoe tsy misy olona mahazo mivavaka, afa-tsy aminy ihany. Nosokafany ireo varavarankely ary nakisany ilay kopaka, dia nivavaka intelo isan’andro izy. Tsy natahotra izy.

<sup>201</sup> Sadraka, Mesaka, ary Abednego, dia tsy natahotra an’ily lafaoro afo. Hoy izy ireo, “Mahavita manafaka anay ny Andriamanitray. Mahay manafaka anay Andriamanitra. Fa raha tsy manafaka aza Izy, dia tsy hiondrika eo amin’ny sarinao izahay.” Tsy menatra an’izany izy ireo. Tsia, tompoko. Tsia, tompoko. Tsy menatra an’izany tokoa izy ireo, satria nahafantatra.

<sup>202</sup> Tsy menatra teo anatrehan’ireo Filistina i Samsona. Rehefa nihazakazaka teo aminy ny arivo, dia naka valanoranom-boriky iray izy. Ary ireo fiarovan-dohan’izy ireo, teo amin’ny iray inch sy sasany teo ny hatevin’izy ireo, varahina. Nokapohiny tamin’izany ny arivo, nefa mbola nanana an’ily valanoranom-boriky teny an-tànany foana izy. Tsy saikatra izy. Nalainy fotsiny izay teny an-tànany, dia nandeha niasa niaraka tamin’izany izy. Fantany fa teo aminy ny Fanahin’Andriamanitra. Fantany fa teraka ho Nazirita iray izy. Fantany fa tsy misy na inona na inona afaka hanelingelina azy. Mpanompon’Andriamanitra iray izy. Raha mbola tao amin’ny sitrapon’Andriamanitra foana izy, dia tsy nisy na inona na inona afaka nijoro teo amin’ny lâlany, tsy mampaninona na firy ny mpanjaka na Filistina, na inona koa tonga. Marina.

<sup>203</sup> Tsy menatra ny Tenin’Andriamanitra izay tonga taminy tany an-efitra i Jaona, ka niteny taminy mba handeha hanao batisa amin’ny rano. Tsy menatra izy ny nilaza hoe, “Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao,” satria teo aminy ny Fanahin’Andriamanitra. Tsy menatra teo anatrehan’ireo mpisorona izy.

<sup>204</sup> Tsy menatra ny Tenin’Andriamanitra izy rehefa nandroso teo amin’i Heroda. Niaina niaraka tamin’i Heroda ny vadin’i Filipo. Nandroso teo anoloan’ily mpanjaka avy hatrany izy! Ity lehilahy feno volon-tarehy avy tany an-efitra ity, dia nivoaka teo, tsy nanana fianarana na inona na inona hafa,

ary nandeha avy hatrany teo anoloan'i Heroda, ka nanao hoe, "Tsy ara-dalàna ny nakanao azy!" Tsy menatra ny Tenin'Andriamanitra izy. Azo antoka. Tsy menatra an'Izany marina tokoa izy.

Stefana, tsy menatra ny Tenin'Andriamanitra izy.

<sup>205</sup> Voalohany, ireo olona pentekotista tany ireo tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa niangona tao amin'ilay efitra ambony izy ireo, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina, araka ny teny fikasan'Andriamanitra iray. Lioka 24:49 no nilaza:

*...indro, izaho mampitondra ny teny fikasan'ny Raiko aminareo: fa miandrasa...ao an-tanànan'i Jerosalema, mandra-pahatonga anareo handray ny hery avy any amin'ny avo.*

<sup>206</sup> Ary ilay tena teny fikasana izay nampanantenain'ny Tenin'Andriamanitra tamin'izy ireo mihitsy dia hoe, "Indro, Izaho mampitondra ny teny fikasan'Ny Raiko aminareo, fa miandrasa eto; aza maka teolojia betsaka na fianarana, sy ny sisa, miandrasa mandra-panafiana anareo amin'ny Hery." Ary rehefa tonga io Hery avy tany An-danitra io, tahaka ny rivotra mahery mifofofoko, dia tsy menatra ny Filazantsara izy ireo.

<sup>207</sup> Nitsangana i Petera, nanao hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo. Ianareo lehilahy, tamin'ny tanaan'ny ratsy fanahy, no nanohomboanareo ny Andrian'ny Fiadanana, izay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty. Ary vavolombelona iray izahay. Fa izao no nolazain'i Joela fa hiseho amin'ny andro farany hoe, 'Handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho.'" Tsy menatra ny Filazantsara izy.

<sup>208</sup> Stefana kely, raha nanonona azy aho minitra vitsy lasa izay, rehefa nandeha teo izy tahaka ny—ny—ny tadio iray. Tsy mpitory teny iray izy. Diakona iray fotsiny izy, saingy nijoro vavolombelona hatraiza hatraiza ny amin'ny fitsanganana. Nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary izany fotsiny dia tahaka...

<sup>209</sup> Hiezaka ny hisakana azy ve? Eny, izany dia tahaka ny miezaka hametraka ny—ny trano iray, trano mirehitra iray, hamono ny afo eo aminy, amin'ny andro mandrivotra, amin'ny fotoana maina. Nahoana, isaky ny mitsoka ny rivotra, dia mampitombo afo hafa iray fotsiny izany.

<sup>210</sup> Notaritin'izy ireo teo anatrehan'ny Fiombonamben'ny Synedriona izy. Azonareo fantarina ve hoe inona izany? Mitovy amin'ny Fiombonambe Ekiomenika izany. Ny fivavahana rehetra dia miditra ao, eo ambanin'ny Fiombonambe Ekiomenika. Niditra tao ambanin'ny Fiombonamben'ny Synedriona izy rehetra. Fariseo, Sadoseo, Herodiana, na inona na inona izy ireo, dia tsy maintsy niditra tao amin'io fiombonambe io. Ary norombahin'izy ireo izy, tsy

rafi-pandaminana anankiray fotsiny, fa ilay fiombonambe goavana no nandrombaka azy. “Hampitahorintsika hivoaka hatramin’ny atiny izy.”

<sup>211</sup> Rehefa nandroso izy, tamin’io maraina io, ny Baiboly no nilaza fa tahaka ny Anjely iray ny endriny. Hoy izy hoe, “Ry lehilahy sy rahalahy, mamelà ahy hiteny aminareo. Ny razantsika dia nonina tany Mesopotamia talohan’ny nahatongavan’izy ireo tao Harana,” sy ny sisa. Nandeha izy ary nanome an’ireo Soratra. Avy eo rehefa naratra tanteraka izy, dia tonga tamin’ny Fanahy, hoy izy hoe, “Ianareo mafy hatoka, tsy voafora fo sy sofina, manohitra ny Fanahy Masina foana ianareo; tahaka ny nataon’ny razanareo, no atonareo koa.” Tsy menatra ny Filazantsara izy, tsy menatra ny Teny. Tsy saikatra teo anatrehan’ny Fiombonamben’ny Synedriona izy. Tsia.

<sup>212</sup> Nilaza i Paoly teo anatrehan’i Agripa. Jiosy iray izy, nampianarina teo ambanin’i Gamaliela, manan-kaja malaza iray izy. Fa indray andro, teny amin’ny lâlana mankany Damaskosy, dia niditra tao amin’ny Fanatrehana izy, fifandraisana tamin’Andriamanitra. Anjely iray no nidina avy tany An-danitra, tamin’ny endrika Andry Afo iray, Hazavana iray no nanjera azy tamin’ny tany. Nitsangana izy, ka nanao hoe, “Tampo, Iza moa Ianao?”

Dia hoy Izy hoe, “Izaho no Jesosy.”

<sup>213</sup> Nitsangana teo anatrehan’i Agripa izy, naveriny indray ilay tantara. Hoy izy hoe, “Tsy menatra ny Filazantsaran’i Jesosy Kristy aho, fa Herin’Andriamanitra ho an’ny famonjena Izany, ho an’ny tsirairay izay mino.” Azo antoka.

<sup>214</sup> Ankehitriny, ry sakaiza, midina manohy amin’ny olona isika, mandalo amin’ny taona, saingy efa mihoatra ny ora isika.

<sup>215</sup> Fa mamelà ahy hilaza an’izao. Ny lehilahy iray izay nifandray tamin’Andriamanitra indray mandeha, izany hoe ny Teny, ary natao mazava sy tonga voaseho teo aminy ny Teny, dia tsy misy henatra ny amin’izany. Tsy saikatra ianareo. Tsy mahasaikatra ahy ny milaza fa mino ny Tenin’Andriamanitra rehetra aho. Tsy mahasaikatra ahy rehefa ny Tompo no milaza mba hilaza zavatra iray, mandeha ianareo milaza an’ilay izy ary manao an’ilay izy; tsy mahasaikatra ahy ny milaza fa nofenoina ny Fanahy Masina aho; tsy mahasaikatra ahy ny milaza fa niteny tamin’ny fiteny hafa aho; tsy mahasaikatra ahy ny milaza fa naneho fahitana tamiko ny Tompontosika; tsy mahasaikatra ahy ny milaza fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

<sup>216</sup> “Rehefa entina eo anatrehan’ireo mpanapaka sy mpanjaka ianareo, noho Ny Anarako, dia aza mihevitra an’izay ho lazainareo, fa homena anareo izany amin’io ora io. Tsy ianareo no miteny, fa Ny Raiko izay mitoetra ao anatinareo. Fa na iza na iza menatra Ahy sy Ny Teniko,

ao amin'ity taranaka ity, dia ho menatra azy Aho eo anatrehan'Ny Raiko sy ireo Anjely masina.” Andriamanitra anie hanampy antsika tsy ho menatra, fa hanampy antsika ho vavolombelona velona iray.

<sup>217</sup> Ny olona rehetra ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa tonga ireo mpaminany ireo, izy ireo dia lasa—izy ireo dia lasa Teny velona. Izy ireo no Teny. Jesosy no nilaza fa izy ireo dia nantsoina hoe andriamanitra, ary izany izy ireo, satria tonga tamin'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra. Hoy izy ireo hoe, “Izany no HOÿ NY TOMPO HOE.”

<sup>218</sup> Ary ny mpianatr'i Kristy rehetra izay mifandray Aminy ao amin'ny fanavotana, ka tonga ao am-pony ny famonjena, dia mpanana an'Andriamanitra iray izy. Ary karazana fiainana inona no tokony hiainantsika, ary ahoana no tokony hamindrantsika, ary ahoana no tokony hiresahantsika, raha mampiseho ny Tenany amin'ny alàlan'ny vatantsika mety maty Andriamanitra? Iza no afaka ho menatra amin'izany?

<sup>219</sup> Raha tonga eo amin'ny toerana iray aho ka ao amin'ny tafiky ny polisy iray eto Jeffersonville eto, mandeha eny an-dàlambe, ao amin'ny fahefana rehetra, dia tsy ho menatra an'ilay tanàna aho. Ampahan'ilay tanàna aho. Ho polisy iray aho, ampahany iray an'ilay tanàna, mba hitandro ny filaminana sy ny fitondran-tena. Raha mandeha eo amin'ny jiro mena ny lehilahy iray, dia tsy ho menatra aho ny hiteny aminy fa diso izy, hanome azy tapakila iray. Izany no andraikitra, satria izaho dia—izaho dia nokaramain'ilay tanàna. Mipetraka eo amin'ilay tanàna aho. Manana ny fahefana avy amin'ilay tanàna aho. Tsy mampaninona na mamolava izy, na inona ny olana eo aminy, hanohana ahy izy ireo. Mijoro eo amin'ny taniko aho, satria lehilahy polisy iray ary voa- . . . voatendry aho, na napetraka teto ary nomena fahefana hanao an'izany. Natao handray ny lalàna sy ireo zô ianareo, sy ny sisa, ary hijery raha natao tsara izany.

<sup>220</sup> Noho izany, raha Kristiana iray aho ka nofenoina ny Fanahy, mitondra ny vavolombelon'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, dia tsy hamela ny devoly hiezaka hanosika anareo manodidina ianareo, hanao hoe, “Aza manao an'ity ianao ary aza manao an'itsy ianao.” Ataovy mihitsy Izany. Andriamanitra no nanome anareo ny . . .

<sup>221</sup> Hitanareo, tsy manana hery isika. Tsy manana hery hanakana fiara iray io lehilahy polisy io. Izany dia saiky. . . manana motera telo na efajato herin-tsoavaly izy ireo indraindray, inona no azony hatao mikasika an'izany? Fa manana fahefana izy.

<sup>222</sup> Ary izany ny Fiangonana. Manana fahefana isika, amin'ny alàlan'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy sy ny Teny

Nampanantenainy, haleloia hoe, “Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa; hanao mihoatra noho izany aza ianareo, satria Aho mankany amin’ny Ray.”

<sup>223</sup> Aza menatra Azy ao amin’ity taranaka ity; mpanota, misalasala, ilay taranaka farany izay hany hisy eto an-tany, ity mpanota ity, mpijangajanga, feno fery miparitaka tanteraka. Ny rehetra, lasa tsy maotina ny zavatra rehetra izay maotina. Ireo politikam-pirenena, loto! Rava ireo firenena.

<sup>224</sup> Any lavitra anatin’ireo alan’i Afrika any, tao amin’ireo dian’ny mpihaza, dia tsy maintsy nitondra an’ireo radio matanjaka be izy ireo mba hihainoana an’i Elvis Presley, Pat Boone, sy ireo zalahy miaraka an’ny rock-and-roll sy twist ireo. Ary ireo teratany, izay niezaka ny hahita azy ireo nanao tahaka an’izany, nanetsiketsika ny lohany ary nanao tahaka an’izany, nitsangana teo ireo teratany ary nijery azy ireo. Nefa, hitanareo, izy ireo dia tsy Amerikana tahaka an’i Pat Boone, sy Elvis Presley, sy Ricky Nelson, ary ireo zalahy ireo. Tsy karazan’ireo Jodasy ireo izy ireo, fa izy ireo dia . . . Hitanareo, fanahy iray ilay izy. Ary tsy eto Amerika ihany ilay fanahy, manaparitaka ny tenany manerana an’izao tontolo izao izany, mba hitondra azy ireo ao amin’ily adin’ny Aramagedona. Manao tahaka an’izany izy ireo, na izy ireo . . . Na inona na inona firenena nihavian’izy ireo, Afrika, Inde, na aiza na aiza ilay izy, dia naparitaka eran’ny tany rehetra io ratsy sy ny karazany io, amin’ny alàlan’ny lehilahy anankiray fotsiny izay nanomboka an’izany.

<sup>225</sup> Toy izany koa ny Filazantsara sy ny Herin’Andriamanitra Tsitoha, niparitaka manerana an’izao tontolo izao! Ary miseho ankehitriny ny fotoan’ny fampisarahana, izay iantsoan’Andriamanitra Ampakarina iray, sy iantsoan’ny devoly fiangonana iray. Avelao aho ho ampahan’ily Ampakarina!

Ndao isika hivavaka.

<sup>226</sup> Andriamanitra malala, hitanay ilay sora-tànana eny amin’ny rindrina, Tompo. Ao amin’ny andro farany izahay. Fantatray fa misy zavatra lehibe mipetraka eo aloha, kanefa any ho any, any ho any ao amin’ity loto eto ity, dia mbola misy olona mahitsy fo izay voatendry ho amin’ny Fiainana. Tsy ho azon’ny lehilahy anankiray na lehilahy roa hatao izany; fa, Andriamanitra, izahay rehetra miaraka, aoka izahay hanaparitaka eny amin’ny zoron-dàlana rehetra izay vitanay, an’ireo vaovao tsara fa ho avy Jesosy, ka, hahita, hanaparitaka Mofa kely iray fotsiny, Teny kely iray. Na aiza na aiza no misy an’ireo Voromahery, dia hanaraka an’io Sakafo io izy ireo. Raha tonga amin’ny alàlan’ny horonam-peo iray Izany, na raha tonga amin’ny alàlan’ny teny iray Izany na fijoroana vavolombelona iray, dia hanaraka an’Izany hatrany amin’ny Foiben’ny ireo Voromahery. Fa Izao no voasoratra hoe, “Any amin’izay misy ny Faty, dia any no hiangonan’ny



Voromahery.” Jesosy malala, fantatray fa Ianao no Faty izay haninay. Ianao no Teny, ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivonay. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba arakaraky ny hanaparitahanay ny Teny anie, no hahitan’ireo tena Voromahery an’Izany.

<sup>227</sup> Aoka izahay tsy ho menatra rehefa mijoro eo anatrehan’ny olona, ratsy fanahy, olona tsy miraika, mpivavaka, na inona na inona ilay izy. Araka ny nolazain’i Paoly tamin’i Timoty:

...Aoka isika *hazoto na amin’ny fotoana, na tsy amin’ny fotoana; mandrese lahatra, ary mamporisiha, ka...amin’ny fahari-po sy foto-pampianarana rehetra.*

*Fa ho avy ny fotoana izay tsy hahazakan’izy ireo ny foto-pampianarana tsy misy kilema; fa araka an’ireo filàny manokana dia...hamory mpampianatra ho an’ny tenany miaraka, mangidihidy sofina;*

*Ary hivily...hiala amin’ny fahamarinana,...ho amin’ny anganongano.*

<sup>228</sup> Andriamanitra, miaina amin’izany andro izany izahay. Ianao no namela ahy ho velona ela hahita an’izany mitranga. Fa, mipetraka eto mihitsy izany ao amin’ny vato fehizoron’ity tabernakla ity androany, efa telo amby telopolo taona lasa izay.

<sup>229</sup> Andriamanitra, tahio ny tsirairay avy ato. Raha misy anankiray ato, Tompo, izay tsy vonona hihaona Aminao, ka tsy afaka hanaiky fotsiny Ny Teninao izy ireo, ary tsy nihaona Taminao nifanatrika sy hahafantatra fa Ianao dia tsy amin’ny alàlan’ny karazana fihetsika iray fotsiny an’ny—an’ny—an’ny fanekena iray, tahaka ny ataonareo amin’ny fanekem-pinoana iray na zavatra iray, fa nihaona tamin’ily Andriamanitra velona; ary raha tsy nanao an’izany izy ireo, Tompo, dia enga anie izy ireo hanao an’izany izao ankehitriny izao.

<sup>230</sup> Izaho—izaho mino fa Ianao dia—Ianao dia tena akaiky amin’izao ora izao. Tsy fantatro hoe iza izy ireo. Tsy fantatro akory aza na misy anankiray ato, fa mahatsapa ho voatarika hivavaka Aminao fotsiny aho. Tsy hoe satria mihaino ahy ny olona, satria dia ho fombam-pivavahana mpihatsaravelatsihy iray izany. Rarao Andriamanitra. Tsy te-ho mpihatsaravelatsihy iray aho. Fa mivavaka an’izany amin’ny fahatsorana ao amin’ny foko aho, Tompo.

<sup>231</sup> Na iza izy na iza izy izay Resahanao izao maraina izao, dia enga anie izy ireo tsy ho menatra am-panetre-tena, fa handray Anao ao ambany lalin’ny fon’izy ireo, ho tonga rahariva ka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, manaraka ny Teny rehetra, ny Teny rehetra; raha natao batisa hafa izy ireo, na nofafazana, norarahana. Tsarovy (tsaroanay, Tompo) fa Ianao no nilaza hoe, “Na iza na iza hanaisotra Teny anankiray avy ao amin’ny Boky, hanampy teny anankiray amin’Izany, dia hesorina ao amin’ny Bokin’ny Fiainana ny anjarany.” Na

hiebaka aza izy, ho tonga, hametraka ny anarany ao amin'ny boky, izany—izany dia tsy hety. Aoka izahay ho tso-po sy hanetry tena.

<sup>232</sup> Ankehitriny dia eo an-Tànanao izy ireo, Tompo. Ianao no hanao amin'izy ireo izay Hitanao fa sahaza, satria Anao izy ireo. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra.

<sup>233</sup> Ankehitriny raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia tiako hieritreritra tena am-pahamatorana ianareo ankehitriny. Miala tsiny aho, aloha, raha tara teo amin'ny dimy ambin'ny folo minitra teo. Ankehitriny isika dia te-hisamonomonona. Ary hieritreritra ao am-ponareo fotsiny ianareo ankehitriny hoe, “Tena nihaona tamin'Andriamanitra tokoa ve aho?” Eritrreto tena am-pahatsorana mihitsy izany ankehitriny. Satria, tsy hisy fotoana betsaka intsony angamba mandra-paha... Mety ho izao no fotoana farany ankehitriny, izay hihaonantsika mialohan'Ny Fihaviany. Akaiky izany, ry sakaiza. Ny Soratra rehetra, dia toy ny hoe, efa saiky tanteraka. Ary mety ho izany ilay izy, ho anareo na ho ahy, ity no mety ho anjarantsika farany. Mety ho lasa isika alohan'ny rahalina.

Handeha hiaraka Aminy aho, hiaraka Aminy hatramin'ny farany.

Reko ny hoe, “Menatra Ahy sy Ny Teniko ve ianao?”

Reko ny Mpamonjiko . . .

<sup>234</sup> Ankehitriny dia eritrereto fotsiny hoe mandry eo amin'ny fandriam-pahafatesanareo ianareo ankehitriny. “Reko...” Mety ho tara loatra amin'izay fotoana izay, fa tsy izany ilay izy izao ankehitriny izao.

“Ento ny hazo fijalianao, ka,” mety tsy maintsy hanana hafoy ankehitriny, “hanaraka Ahy.”

Ankehitriny, ao am-ponareo, valio ity:

Handeha hiaraka Aminy ao amin'ilay saha aho,  
Handeha hiaraka Aminy ao amin'ilay saha aho,  
Handeha hiaraka Aminy ao amin'ilay saha aho,  
Handeha hiaraka Aminy, hiaraka Aminy hatramin'ny . . .

<sup>235</sup> Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ndao isika hanangana ny tânantsika fotsiny ka hanao hoe:

Handeha hiaraka Aminy ao amin'ny fitsarana aho,

Ankehitriny, izany no miseho izao ankehitriny izao, mitsara antsika Izy.

Handeha aho . . .

Tompo, Hitanao meloka ve aho? Noho izany, mamelà ahy.

... ao amin'ny Fitsarany,

Inona no Itsaranao ahy izao maraina izao, Tompo?

... hiaraka Aminy ao amin'ny fitsa-...

Zahao toetra aho, Tompo, jereo raha misy zavatra tsy madio ato amiko.

... hiaraka Aminy, hiaraka Aminy  
hatramin'ny farany.

<sup>236</sup> Ray, misaotra Anao izahay izao maraina izao noho ireo tânana rehetra ireo. Tsy nahita olona iray aho izay tsy nanangana ny tânany. Misaotra Anao aho, Tompo. Izaho—izaho dia matoky fa tsy nahita koa Ianao, Tompo. Tsy nisy anankiray izay tsy nanangana ny tânany, vonona handeha ao amin'ny fitsarana izy ireo. Tsarao izahay, Tompo. Ary raha misy ratsy iray ao anatinay, dia mamelà anay amin'izany, Ray. Omeo anay ny Famindramponao, satria tsy te-hihaona amin'ny Fitsaranao izahay rehefa tsy manatrika ny famindrampo. Noho izany, manatrika ny famindrampo ankehitriny, noho izany dia mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitsaranao anay sy hamelanao anay noho ny fahotanay, araka Ny Teninao sy ny Fampanantenanao. Ary avelao izahay hiaina ho Anao amin'ny androm-piainanay rehetra, tsy ho menatra ny Filazantsara.

<sup>237</sup> Ankehitriny, Ray, raha izany no Sitraponao, dia hanomboka Alahady telo mitohy izahay ankehitriny, an'ireo fivoriana. Omany ho an'izany ny fonay, Tompo. Omany aho, O Andriamanitra. Izaho ilay anankiray izay mitsangana amin'ny filàna Anao lalina tokoa. Mivavaka aho mba Ianao no hitari-dàlana ahy sy hitarika ahy ao amin'ireo zavatra izay tokony hataoko sy ho lazaiko, amin'ireo andro ho avy ireo.

<sup>238</sup> Tariho làlana sy tariho ny Rahalahinay Neville sarobidy, ilay mpanompo mahery fo Anao, Tompo; ary Rahalahy Mann ihany koa, sy ireo diakon'ny fiangonana, sy ireo mpitantan-draharaha, ary ny olona rehetra izay mivory eto.

<sup>239</sup> Omany izahay, Tompo, mba hahafahanay hahavita, ao amin'ny—ny fomba tena Kristiana iray, hitondra mpanota eo Aminao, sy hitondra mpikambam-piangonana eo amin'ny fahafantarana an'ilay Andriamanitra izay fantatray, mba hihaonanay manokana, aoka Izy ho lasa Andriamanitr'izy ireo, ihany koa. Ankehitriny, Ray, tsy vitanay izany, tsy vitanay ny mampiditra azy ireo. Fa Ianao, ry Fanahy Masina, mihetseha eo amin'ny olona, ireo mambram-piangonana.

<sup>240</sup> Ary araka ny fahatsapana kely izay nananako niaraka Taminao indray maraina, "Mandehana mitady Ampakarina iray ho an'ny Zanako. Alaivo avy eo anivon'ny olona Izy, eo anivon'ireo fiangonana. Avohay io Ampakarina io." Mamelà ahy, ao amin'ny vavaka ankehitriny, Tompo. Iraho ilay Rebeka; hiezaka ny ho Eliezera aho. Ampio aho mba ho

mpanompo mahatoky iray. Ary eng'a anie ilay Andriamanitry ny Lanitra haniraka Ny Anjeliny eo anoloako, eo anoloanay, mba hanangonanay miaraka an'ireo zavatra ary hifantina ny Ampakarina izay efa Nofidiany. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

<sup>241</sup> Ankehitriny, miala tsiny aho nihazona anareo tara kely. Nihoatra dimy amby roapolo minitra ilay izy. Tokony efa tsy ho teto aho, dimy amby roapolo minitra lasa izay. Fa, ankehitriny, tianareo ve ilay hira tranainy hoe, "Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy tsara ve izany? Nihira an'izany aho nandritry ny telo amby telopolo taona izao, ho hira fampiravana. Ny batisan'ny rano, "Eo amoron'ny tafio-drivotr'i Jordana no ijoroako." Ary mieritreritra aho fa tena tsara izany hoe, "Raiso fotsiny Izany na aiza na aiza alehanao!"

Anarana sarobidy, O tena mamy!  
 Fanantenana... (Ankehitriny dia raiso ny  
 tãnan'ny olona eo akaikinareo.)  
 Anarana sarobidy, Anarana sarobidy, O tena  
 mamy!  
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

<sup>242</sup> Ankehitriny tsarovy ny fotoana rahariva, amin'ny fito sy sasany, amin'ny fito sy sasany rahariva. Ankehitriny ndao isika hihira an'ity andininy anankiray ity, hitanareo.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,  
 Ho ampinga amin'ny fandrika rehetra;  
 Rehefa manodidina anao ny  
 fakam-panahy... (Inona no ataonareo  
 amin'izay fotoana izay?)  
 Bitsiho am-bavaka fotsiny io Anarana masina  
 io.

Anarana sarobidy, O tena mamy!  
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;  
 Anarana sarobidy, O tena mamy!  
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

<sup>243</sup> Nisy anankiray tonga mba hatao batisa ve taorian'ity fotoana ity? Raha izany, atsangano ny tãnanareo. Misy olona hatao batisa ve? Roa, eny àry, no hatao batisa avy hatrany aorian'ity fotoana ity. Raha ny sisa aminareo, ny rehetra aminareo izay te-hatao batisa, hanana fotoana fanaovana batisa amin'ny tsirairay avy izahay amin'ireo fotoana ireo. Ny zavatra tokana izay tsy maintsy hataonareo dia ny mangataka. Vonona ny hanao batisa anareo izahay. Izany no andraikitrany, ny hanao batisa anareo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika. Andraikitrany ny manao an'izany. Ary ho faly izahay hanao an'izany, amin'ny fotoana rehetra. Ianareo izay hatao batisa, mandehana fotsiny ao amin'ireo efitra,

aorian'ny fotoana avy hatrany, dia handeha ho ao amin'ny rano fanaovana batisa avy hatrany izahay. Ny olona rehetra izay te-hanaraka azy ireo, aoka ianareo hahazo antoka fa eto izahay. . . raha nibebaka ny amin'ny fahotanareo ianareo ary nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjinareo.

<sup>244</sup> Raha efa Kristiana iray nandritry ny taona maro ianareo, nefa tsy mbola nahita ny Hazavana mihitsy, dia tonga ny Hazavan'ny fanafahana ankehitriny. Ny vehivavy iray, ny Ampakarina iray izay tsy maintsy mandray an'ilay Anarana! Hoy Jesosy hoe, “Tonga tamin'ny Anaran'Ny Raiko Aho, fa tsy nandray Ahy ianareo. Nefa hisy anankiray ho avy amin'ny anarany manokana, dia handray azy ianareo,” ny anaram-piangonanareo izany.


<sup>245</sup> Tonga amin'ny anaran'ny rainy ny zanaka rehetra. Tonga tamin'ny anaran'ny raiko aho. Ianareo lehilahy ireo dia tonga tamin'ny anaran'ny rainareo.

<sup>246</sup> Ary iza no Anarany, iza no Anaran'ny Ray? Jesosy! Izy, “tonga tamin'ny Anaran'Ny Raiko, tsy nandray Ahy ianareo.” Ankehitriny Ny Ampakariny no hanana Ny Anarany, mazava ho azy.

<sup>247</sup> Naka vehivavy iray aho, tamin'ny anarana hoe Broy, ary lasa Branham iray izy.

<sup>248</sup> Tonga ho an'ny Ampakarina iray Izy, mahazò antoka ary tsarovy fa manatona eo amin'ny dobo ianareo.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

<sup>249</sup> Ary tsy vahiny amintsika eto Rahalahy Vayle. Rahalahy iray tena sarobidy izy, efa niaraka tamiko tao amin'ny fivoriana maro, izy sy ny vadiny. Ary izy ihany koa ankehitriny no mpanoratra an'ireo toriteny sy ny sisa izay hivoaka amin'ny endrika boky. Rahalahy Vayle, hampirava anay amin'ny vavaka ve ianao, raha manondrika ny lohantsika isika. [Mivavaka Rahalahy Vayle—Mpand.] 

MENATRA MAG65-0711

(Ashamed)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 11 Jolay, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)